ANOSIZATO ANDREFANA 5

# RAKOTRA ZANDARY NY TANÀNA JIOLAHY IRAY MATY VOATIFITRA

MARINA IZANY ! 7

## MANAMBITANA VE !

KMF/CNOE 6

## MIANTSO NY CENI SY NY HCC TSY HANDRAY BAIKO POLITIKA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7853 Taona faha-26 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 24 Aprily 2024



ANALAMAHITSY - TELEFERIKA 7

## NITOKONA NY RAY AMAN-DRENIN'NY MPIANATRA

PASI PASI

RAZANAKOLONA RENÉ 10

## "BOXEUR" MALAZA KOA NY ZANANY SY NY ZAFIKELINY



MANDRITSARA 8

# NIDINA AN-DALAMBE NY MPIANATRY NY LYCEE VICTOR MIADANA




TAFA...SIKA 15

DR CELESTINE RAZAFINDRAMORA

## "NAMPIARAHAKO TAMIN' NY FIANARAKO HO DOKOTERA NY FIANARANA DIHY SY MOZIKA ARY TEATRA







Tonga eto amintsika ny tarika Gen Rosso

# Hitondra dihy miavaka sy hitory Vaovao Mahafaly an-kira

Omaly no nigadona teny amin'ny seranam-piara-manidina Ivato ny Tarika Gen Rosso. Taorian'ny fahatongavan'izy ireo, nisy avy hatrany ny resadresaka nifanoavany tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny Don Bosco Ivato. Ny mampiavaka an'i Gen Rosso, avy amin'ny fiaviany, ny maha-iraisam-pirenena ny mpikambana ao aminy ary ny fanoloran-tena manokana ataon'ny olona tsirairay ao aminy hampihatra, eo amin'ny sehatry ny fiainany andavanandro, ny soatoavina toriny. Zavamaneno sy fanamafisam-peo vitsivitsy ary ny hafanam-po be ... no singa mbola mampiavaka azy ankehitriny. Anton-dian'izy ireo ny hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny alalan'ny hira sy dihy ary indrindra hizara hafaliana sy firahalahiana. Toerana sy faritra maro eto Madagasikara no tsidihan'ireto tarika ireto ka hisantarany izany ny ao Moramanga ny asabotsy 27 avrily, ao amin'ny CPC Don Bosco Antsirinala, sy ny alahady 28 ao amin'ny Ecole Saint Joseph, izay samy hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Hitohy any amin'ny lalam-pirenena faha-7 izany ka hihaona amin'ny mponin'ny Betafo ao amin'ny Saint Louis ny 1 Mai ; Antsirabe ao amin'ny ASJA ny 4 mai, ary ny 5 mai ao amin'ny tranom-pokonolona Antsirabe. Hitohy any Toliara indray ny hetsika amin'ny toerana 3 : 10 mai amin'ny 7 ora hariva ao amin'ny Etoile de Mer; ny 11 mai amin'ny 4 ora hariva ao amin'ny Oratorio Don Bosco Mahavatse, ary ao amin'ny Jardin de la Mer ny 12 mai amin'ny 3 ora tolakandro. Eto Antananarivo, eny amin'ny Ecar SVD Ambatobe, ny 18 mai, sy ao amin'ny Manantenasoa Akamasoa eny Andralanitra ny 19 may no hamaranan'ny Gen Rosso ny diany.





**Faritra 3 eto Madagasikara no hotetezin'ny tarika Gen Rosso.**

**Nasaina ny tarika "lay Eny"**

Mandritra ny fitetezam-paritra, ny tarika 'Lay Eny' no hiaraka amin'izy ireo. Ny "Lay Eny" dia niorina tamin' ny fomba ofisialy ny taona 2013 izay nivondronan'ireo tanora lehilahy tao amin'ny vondrona fokolary tamin' izany fotoana izany, ka nolovain'ny andian-taranaka nifandimby taty aoriana. Ny teny hoe 'Lay Eny moa dia nalaina tamin'ny ILAY ENY nataon'i Chiara Lubich izay mpanorina ny vondrona fokolary ny 7 desambra 1943, ka natao hoe 'Lay Eny no anaran'ny tarika mba hanekena hatrany hitory sy hijorona vavolombelona ny idealy nentin'i Chiara amin' ny alalan'ny hira sy mozika izany.

**Nangonin'i Tiaray R**

## Tantaran'ny Gen Rosso

Ara-tantara ny Gen Rosso dia nivoaka avy ao amin'ny Fokolary (Focolari) izay vondrona ao anatin'ny Fiangonana Katolika Apostolika Romana. Naorin'i Chiara Lubich tamin'ny 1943 tany Trento, Italia. Miorina amin' ny fampianaran'ny fiangonana katolika fa misokatra ho an'ny kristianina rehetra, eny fa na dia ireo mpino avy amin'ny fiangonana hafa na olona tsy mpino aza. Misokatra ho an'ny rehetra izy, tsy misy fanavahana ny fiaviana, ny taona na ny kolontsaina. Ny tanjony amin'ny ankapobeny dia ny fanoloran-tena ho amin'ny firaisankina sy firahalahiana eo anivon'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina, eo amin' ny fianakaviana, eo amin'ny tontolo ara-toekarena sy ara-piaraha-monina, eo amin'ny politika, eo amin'ny fifandraisana eo amin'ny samy olona. Ny Fokolary dia mirotsaka amin'ny sehatra maro, anisan'izany ny asa pastoraly ho an'ny fianakaviana sy ny tanora, ny ekiomenisma ary ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy mpivavaka.

Ny Gen Rosso raha araka ny fanazavana dia naorina tamin'ny 1966 tao Loppiano, tanàna kely iray any akaikin' i Florence (Italia). Ho fanomanana ny fandraisana ireo mpitsidika marobe tao amin' ity tanàna ity indrindra dia nanome gitara sy amponga ho an'ny tanora ao amin'ity tanàna kely ity tamin'ny Krismasy 1966 i Chiara Lubich (Loka UNESCO ho an'ny fanabeazana momba ny fandriampahalemana). Mena izy io, noho izany ny anaran'ny vondrona: Gen Rosso, GEN midika "Generation" Vaovao ary "Rosso" midika hoe mena amin'ny teny Italiana, lokon'ny bateria voalohany. Ny fikasan'izy ireo dia ny hampita hafatra momba ny fiadanana sy ny firahalahiana maneran-tany amin'ny alalan'ny mozika, ka handray anjara amin'ny famoronana tontolo iray tafaray kokoa.

**Nangonin'i Tiaray R.**


GLP globalpurchase

### Avis d'Appel d'Offres
Approvisionnement en marchandises et produits divers

**I) Description**

La Société GLOBAL PURCHASE lance à un appel d'offre pour sélectionner des fournisseurs avec qui développer une collaboration professionnelle gagnant-gagnant dans le cadre de l'approvisionnement en marchandises et produits divers selon les modalités ci – après :

- Poulet
- Porc (jambon, poitrine et ventre, lard, viande)
- Zébu (côte, tranche fine, filet, chaire, bosse)
- Agneau (gigot, queue)
- Fruits de mer (thon, crevette, filet de soles)
- Œufs
- PPN (sucre blanc cristal, huile tournesol, huile d'olive, riz blanc Makalioka, farine)
- Légumes (tomates)

Livraison assurée par le Fournisseur avec une facture en bonne et due forme en 3 exemplaires
Lieu de livraison : Alasora Antananarivo – Soanierana Ankadimbahoaka Antananarivo- Tsaramandroso Majunga – Ambalakosoa Fianarantsoa – Bazar KelyToamasina
Modalité de paiement : Virement bancaire ou Chèque barré
Le lot est divisible. Chaque fournisseur pourra postuler sur un ou plusieurs articles.
Le dossier d'appel d'offre (DAO) complet peut être retiré à l'adresse ci-dessous ou demandé à l'adresse mail ci-dessous
**Fournisseurs assujettis à la TVA encouragés**

**II) Composition de l'offre**

1. Fiche de renseignement (selon formulaire dans le DAO),
2. Capacité technique (selon formulaires dans le DAO),
3. Copie de la carte d'immatriculation Fiscale
4. Copie de la carte d'identification d'établissement (Carte statistique)
5. Copie de l'attestation d'inscription au registre de commerce
6. Relevé d'Identité Bancaire (RIB)
7. Bordereaux des prix unitaires

**III) Remise des offres**

Les offres sont à déposer **sous pli fermé** à l'adresse ci-dessous, au plus tard le 17 mai 2024 à 16 heures, avec mention « **Approvisionnement en marchandises et produits divers** ».

**IV) Critères d'évaluation des offres -**

Conformité des offres :
o Complétude de l'offre, o Pièces datées, signées
- Qualification des Soumissionnaires o Fournisseurs immatriculés o Fournisseurs en règle en termes de fiscalité.
o Ayant des capacités techniques suffisantes (matériel, équipement et outillage)
o Acceptant les spécifications techniques des marchandises et/ou des produits
- Proposant un prix unitaire (HT) pour les fournisseurs assujettis à la TVA et un prix TTC pour les fournisseurs non assujettis à la TVA le moins cher pour l'article évalué

**V) Contrat et commande**

La durée du contrat est d'un an renouvelable avec une période d'observation de trois (3) mois.

**VI) Adresse**

L'adresse à laquelle il est fait référence ci-dessus est :
*A l'attention de* Madame Le DGpi
*GLOBAL PURCHASE*
*Lot III I 2 Soanierana Ankadimbahoaka Antananarivo*
*email: dg.glp@igp.group; appro.glp@gmail.com; appro.assit@gmail.com*
***Une réunion d'information sur ce DAO sera organisée le jeudi 02 MAI 2024 chez GLOBAL PURCHASE Lot II I 2 Soanierana Ankadimbahoaka Antananarivo 101 à 9 heures du matin***
*Contact :* **+261 32 05 179 57**

GLP globalpurchase

### FANASANA HANAO TOLO-BIDY
(Famatsiana entana sy vokatra isan-karazany)

**I) Famaritana**

Ny orinasa GLOBAL PURCHASE dia manao antso ho an'ny tolo-bidy hisafidianana mpamatsy izay hampivelatra fiaraha-miasa matihanina sy mahomby amin'ny sehatry ny famatsiana entana sy vokatra isan-karazany,araka ireto fepetra manaraka ireto:
- Akoho
- Henakisoa (Jambon, tratra sy kibo, Lard, hena)
- Omby (Côte, Tranche fine, fillet, nofo, vombony)
- Zanak'ondry (gigot, rambo)
- hazan-dranomasina (thon, makamba, fillet de soles)
- Atody
- PPN (siramamy fotsy kristaly, menaka tanamasoandro, menaka oliva, vary fotsy Makalioka, lafarinina)
- Legioma (voatabia)

Ny fanaterana ny entana dia hiandraketan'ny mpamatsy azo antoka miaraka amin'ny faktiora manaraka ny fepetra takiana dika mitovy telo (3)

Toerana fanaterana ny entana: Alasora Antananarivo – Soanierana Ankadimbahoaka Antananarivo- Tsaramandroso Majunga – Ambalakosoa Fianarantsoa – Bazar KelyToamasina

Fomba fandoavam-bola : famindrana amin'ny banky na tseky miampita (chèque baré)

Azo zaraina ny lot. Ny mpamatsy tsirairay dia afaka mangataka zavatra iray na maromaro.

Ny antotan-taratasy famaliana izao tolo-bidy (DAO) izao dia azonao alaina na angatahina amin'ny adiresy mailaka etsy ambany.

**Mamporisika ireo mpamatsy iharan'ny TVA**

**Famoronana ny tolotra**

1. **Taratasy fampahalalana (araka ny endrika ao amin'ny DAO),**
2. Fahaizana ara-teknika (araka ny endrika ao amin'ny DAO),
3. Dika mitovy amin'ny karatry ny hetra
4. Dika mitovy amin'ny kara-panondro fananganana (Karatra statistika)
5. Dika mitovy amin'ny taratasy fanamarinana fisoratana anarana ao amin'ny rejisitra ara-barotra
6. Laharan'ny mombamomba ny banky (RIB)
7. Fandaharam-potoana vidin'ny iray

**II) Fametrahana ny tolotra**

Ny tolotra dia tsy maintsy apetraka ao anaty valopy mihidy mankany amin'ny adiresy etsy ambany, fara-fahatarany ny 17 MAY 2024 amin'ny 4 ora hariva, soratana eo amin'ny valopy : **"Famatsiana entana sy vokatra isan-karazany"**.

**III) Fepetra fanombanana ny tolotra**

- Fanaraha-maso ny tolotra: o Fahafenoan'ny tolotra, o Taratasy misy daty, sonia
- Fanomezan-dàlana ho an'ny Mpividy o Mpamatsy voasoratra anarana o Mpamatsy manana laza tsara amin'ny resaka hetra. o Manana fahaiza-manao ara-teknika ampy (fitaovana, fitaovana ary fitaovana) o Manaiky ny fepetra ara-teknika momba ny entana sy/na vokatra
- Manolotra vidin'ny iray (tsy misy hetra) ho an'ny mpamatsy iharan'ny TVA ary vidiny misy hetra ho an'ny mpamatsy tsy iharan'ny TVA izay mora indrindra ho an'ny zavatra tombana

**IV) Fifanarahana sy filaminana**

Ny faharetan'ny fifanarahana dia herintaona, azo havaozina miaraka amin'ny fepotoana fandinihana telo (3) volana.

**V) Adiresy**

Ny adiresy voalaza etsy ambony dia :
Soratana amin'ny Madame Le DGpi
GLOBAL PURCHASE
Lot III I 2 Soanierana Ankadimbahoaka Antananarivo mailaka:
**dg.glp@igp.group; appro.glp@gmail.com; appro.assit@gmail.com**

Hisy Fivoriana fampahafantarana ity Tolobidy ity ety amin'ny GLOBAL PURCHASE
Lot III I 2 Soanierana Ankadimbahoaka ny Alakamisy 02 MAY 2024 amin'ny 9 ora maraina.
**Contact: + 261 032 05 179 57**

G-CL 817/1-1

Tarika Irambilanja

# Mitohy etsy Antsahamanitra ny fankalazana ny faha-40 taona

Anisan'ny tarika mivoy ny gadona Rock hatramin'ny nahafantaran'ny maro azy ny tarika Irambilanja. Ny taona 90 no tena nametrahany izany rock izany saingy mivoy gadona hafa ihany ry zareo fa ataony miendrika rock ilay izy. Ny taona 2023 izy ireo no nankalaza tamin'ny fomba manetrikektrika ny faha-40 taonany. Nitety faritra maro sy toeram-pilanona teto Antananarivo tamin'ny alalan'ny kabare sy seho anaty trano hatrany izy ireo hatramin'izay. Mbola mitohy izany amin'izao fotoana izao ka araka ny fangatahan'ny mpankafy dia etsy Antsahamanitra no hanohizana izany ny alahady izao manomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Hamerina ireo fahatsiarovana tsara niarahana tamin'ny mpankafy nandritra izay 40 taona izay indray ry zareo amin'ity alahady ity ka tsaroana manokana amin'izany ny seho nataon'izy ireo tao Antsahamanitra. Mifanaraka amin'izay ihany koa ny lohahevitra nentiny manamarika ny fampisehoana hoe "Ndao hiverenana". Ny 19 novambra 1983 no nitrangan' ny rindran-kira voalohany nataon'izy ireo, natao tao Antsahamanitra, tao anatin' ny fifaninanana Rock lehibe nokarakarain'i Tsoa sy Dida Randriamifidimanana izay mitondra ny lohateny hoe "Rock indray no ady eo". *"Tamin'izany fotoana izany, ny rock dia noharin'ny olona tamin'ny zava-mahadomelina, ny delestazy. Mba hanekena azy dia tsy maintsy natomboka tamin'ny hira malefaka toy ny "Ilay Mosoara" ry zareo vao niroso tamin'ny zavatra sarotra kokoa toa ny "Tanin-Dolo" na "Vohitsara"*, hoy i Roger.. Nitety vanim-potoana ny hiran'ny tarika ary amin' izoa fotoana izao dia miha tanora hatrany ny mpankafy. Tamin'io taona 90 io dia namoaka rakikira maromaro ny tarika izay niresaka momba ny fitiavana sy ny tontolo iainana.

**Hamelona ireo hira taloha**

Amin'ity fampisehoana ity dia hanome fahafaham-po ireo mpankafy azy taloha ry zareo, fa koa mba hamelomana ireo hira taloha sy hanatontosa ireo hira taloha izay tsy afaka am-bavan'ny maro. Tafiditra anatin'ny fanadaharan-kira ataon'ny tarika araka izany ilay hira hoe "Tao an-tsekoly" "Tsy ho ahy ianao" sy "Raosy jamba", "Zavavy". Efa eo am-pamerenana fararamparany ny seho amin'ny alahady moa ry Raveloson mirahalahy avy amin'izao fotoana izao. Ny taonan'izy ireo no mitombo fa ny herijika entina miakatra an-tsehatra mbola ao tsara.

Ny Go Art moa no mikarakara ity fampisehoana tohin' ny fankalazann'ny tarika Irambilanja ny 40 taona nisiany ity. Efa matihanina sy manana traikefa amin' izany izy ireo. Hiavaka ny jiro sy ny haingon-tsehatra amin'io fotoana io. Etsy amin'ny Super Music Analakely sy amin'ny andron'ny fampisehoana moa no amidy ny tapakila ho an'ireo izay te hanjifa izany.

**Tiaray R**



Hiavaka ny jiro sy ny haingon-tsehatra amin'io fotoana io.




Tarika Telofangady

# Hiaka-tsehatra eto an-drenivohitra amin'ny jolay

"Gasikarako". Anisan'ny vazo tsy lany hamamiana ary saika efa am-bavan'ny mpitia zavakanto malagasy manerantany mihitsy. Hira mandona ny fo sy ny fanahy hitodika amin'i Madagasikara. Vazo azo lazaina fa mahafeno fepetra maha kanto azy satria afaka nitety vanim-potoana sy sokajin'olona maro. Efa elaela no tsy re niaka-tsehatra ny tarika fa izao indray vao ho tafaraka ry zalahy. Araka ny programa efa mandeha amin'ny pejin'ny tarika any amin'ny tambajotran-tserasera. Tafaradia ny mpikambana rehetra hiaka-tsehatra etsy amin'ny efitrano malalaky ny Ivokolo Analakely ny 7 jolay 2024 ho avy izao. Hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny fotoana, izay hameloman-dry zalahy ny hiran'ny tarika tsy misy fangarony, ka ao anatin' izany i "Gasikarako" mazava ho azy.

Haja, Rachri, Lemôda, Marco ary Rapetit no hifarimbona hamelona ny vazon'ny tarika amin'izany. Koa amboaro dieny izao ny programa ho an'ny mpankafy tarika Telofangady satria mahalana no ahitana an-dry zalahy ireto miaraka toy izao.

**Fy**



Hianoka ba gasy miaraka amin-dry Telofangady toa izao.

PETITES ANNONCES Gazetiko

**SERVICE**

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 806/6-5)

**VIDANGE**

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA803/20-11)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-5)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-5)

**MIVIDY**

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-18)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-11)

**A VENDRE**

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-6)

**COURS**

* Cours de massage 3 jours assuré par des professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-1)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 808/4-1)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-1)

Toamasina

# Mpianatra 3 lahy tratra nanaparitaka rongony tao amin'ny oniversite






**Ireo rongony tratra sy izy efa-dahy voasambotra.**

Mpianatra telo lahy sy lehilahy iray hafa mpitondra tuc tuc no voasambotry ny polisy tany amin'ny oniversiten'i Barikadimy, any Toamasina, afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro noho ny fanaparitahana rongony ao amin'ny oniversite. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny mpianatra mivarotra rongony ao anatin'ny faritr'ity oniversite ity ka nanoloana izany dia nandray ny andraikiny izy ireo. Raha vao naheno izany àry ireo polisy miasa any Mangarano dia nidina ifotony tany an-toerana. Nandritra ny fahatongavan' izy ireo tany dia teo ampikirakirana sy teo ampifohana ireo zava-mahadomelina indrindra izy efadahy no saron'ireo mpitandro filaminana ireo. Ny telo tamin'ireto tratra ireto dia fantatra fa mpianatry ny anjerimanontolo ao Barikadimy ihany. Natao avy hatrany ny fisavana ka rongony 5 sachets sy fonosana rongony 17 no tratra tany an-toerana tamin'io fotoana io, izay milanja 1kg sy 22 grama eo ireo. Miampy sigara famonosana rongony sy taratasy famonosana rongony ihany koa ary hety roa fampiasa rehefa mamono ireo zava-mahadomelina ireo. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy efa-dahy mpamatsy rongony ireo. Notanana sy miatrika famotorana any izy ireo mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fampanoavana.

T.H

Betroka

# Fifampitifirana nahery vaika, dahalo 5 lavon'ny bala

Nirefodrefotra indray ny basy tao amin'ny fokontany ambanivohitra Betroka, ny alatsinainy teo. Dahalo maromaro no tonga nangalatra omby tao amin'ny kaominina Ianakafy. Voaroban' izy ireo ny omby 30 isa, ary nentiny nitsoaka. Tao anatin' izany dia nanao fanarahandia avy hatrany ny mpitandro ny filaminana, zandary sy polisy nampian'ny fokonolona tao amin'io tanàna io. Nisy ny fifandonana maherv vaika vokatr-izany. Votsotra teny am-pelatanan'izy ireo ihany koa ny omby izay very. Nirongo basy sy fitaovam-piadiana mahery vaika ireo olon-dratsy ary tsy namelana fa nanao ny fanarahan-dia ny fokonolona sy ny zandary ary tafika malagasy am-polony. Anisan'ny nanatevin-daharana tamin'izany ny avy ao amin'ny zana-tobim-paritra Ianakafy sy ny miaramila an'ny kaompania Betroka. Tao amin'ny kizo atao hoe Ampamoty Ambinanitelo no raikitra ny fifandonana. Izany hoe 7 km avy ao Ambatomiala. Dahalo efatra no maty voatifitra vokatr' izany. Vaky nandositra ireo olon-dratsy sasany.



**Niampatrampatra ny fatin'ireo dahalo.**

### Herisetra

Lehilahy iray ihany koa no maty voatifitra rehefa voalaza fa nampihorohoro vahoaka sy ireo fianakaviany tao amin'ny fokontany Manjakamana Amperaperandrotsy, kaominina Belindo Mahasoa. Tsy mitsahatra manao herisetra izy, satria tsy faly amin'ny fananarana ataon'ny rainy azy tsy hangalatra sy tsy hanao asa ratsy. Efa nigadra 5 taona an- tranomaizina tany Betroka ity tovolahy ity momba ny resaka halatra omby, ary mbola nigadra fanindroany indray noho izy voarohirohy namono olona sy nangalatra omby ihany koa, ka voadidy nigadra 5 taona indray. Efa nandositra ny fonja avy any Betroka izy ary izao manao herisetra tamin'ny Rainy sy ireo havany izao. Niditra antsehatra ny zandary nanao ny fisamborana an'ity olondratsy ity. Nandray antsy nikasa hamaly izy saingy tonga aloha ny balan'ireto zandary ka lavo ity dahalo ity.

Deyland

Bongatsara

# Nirefodrefotra ny basy, jiolahy 8 nirongo fitaovampiadiana nanafika tokantrano

Nirefodrefotra ny basy tany amin'ny toerana antsoina hoe Andohony, ao anatin'ny fokontany Antsahabe, ao anatin'ny kaominina Bongatsara, eny Atsimondrano, ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora sy sasany alina. Tokantrano iray no lasibatry ny asan-jiolahy tamin'io fotoana io ka lasa tamin'izany ny vola mitentina 650 000 ariary sy solosaina iray, finday roa ary peratra sy rojo volafotsy iray avy. Jiolahy valo tsy nisy nanao saron-tava ary nirongo basy lava iray sy antsy lava no nanatanteraka ny asa ratsiny tany an-toerana. Vantany vao tonga ry zalahy dia nanao ny fomba rehetra nidirana an-keriny tao. Misy rihana io trano io ka nihanika lavarangana izy ireo nahafahany niakatra tany ambony rihana. Avy eo dia novahany ny varavaram-by tao saingy tsy nety nisokatra ka nankeo am-baravarankely ireo olon-dratsy dia teo izy ireo no nanambana basy ireo tao an-trano. Nanoloana izany dia voatery namoha ilay varavarana fidirana ny tompon-trano. Tafatsofoka tao anaty trano ihany ireo jiolahy nony farany ary voafehiny ny olona rehetra tao. Ireto farany ihany koa moa tsy nisy sahy nanohitra satria natahotra ny ainy. Dia io nahazoan'ireo mpanafika io ny vola sy entana hafa ary firavaka io ary lasa nitsoaka izy ireo taorian'izay.

### Nisy entana navelany

Nandritra ny fotoana vitsy monja no nanaovan'ireo jiolahy ny fanafihana. Ny fokonolona teny an-toerana raha vao nahafantatra mikasika ity asan-jiolahy ity dia nivoaka ny trano ka nanenjika ireo mpanafika. Ireto farany kosa teo anatrehan'izay, sady nitsoaka no nanapoaka basy intelo nampitahorana ireo mpanara-dia mba tsy hanohy ny fanenjehana. Fa tamin'io ihany koa dia nisy entana sy fitaovana sasany nangalarin'ireo jiolahy navelan'izy ireo noho io fifanenjehana io, satria natahotra ny ho tratra izy ireo. Tsy inona izany fa fahitalavitra sy môtô ary bisikleta. Efa nisy nampandre mikasika ny zava-nitranga ny zandary ka tonga teny an-toerana ary nanampy ny fokonolona tamin'ny fanarahan-dia saingy tsy nahitam-bokany izany noho ny andro maizina. Nentaniny ny fokonolona mba hampandre azy ireo raha mahita olona mampiahiahy. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo olon-dratsy.

T.H

Tsiroanomandidy

# Zazakely velona vao teraka nisy nanary

Hatairana ny an'ity vehivavy iray handeha hivalan-drano raha nahita zazakely nifono lamba teo akaikin'ny toerampivoahana iray tao Mandrosonoro, kaominina Tsiroanomandidy- Fihaoanana omaly tokony ho tamin'ny 06 ora maraina. Rehefa nojerena ilay izy dia toa mbola nisy aina saingy efa tsy nahatomany intsony. Nikoropaka niantso vonjy tamin'ny olona haingana ilay ramatoa. Teo vao samy taitra avokoa ny rehetra raha nahita ny zava-nitranga. Novonjena nentina haingana tany amin'ny toeram-pitsaboana ilay zaza ka avotra soa aman-tsara ny ainy. Raha ny fanazavàna hatrany dia tsy nampanaovina akanjo akory ilay zaza fa nofonosina lamba fotsiny ary ireo napetraka teo amoron-dàlana io. Soa ihany fa nalaky nisy nahita ilay izy. Voalaza moa fa zaza vao teraka mihitsy izy ka efa nodiovina sy notafiana tsara ary nomena sakafo sahaza azy. Tsy mbola fantatra kosa ny reniny, izay nahavita nanary ny menaky ny ainy toy izao. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

R.C

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Anosizato Andrefana

# Rakotra zandary ny tanàna, jiolahy iray maty voatifitra




Ilay jiolahy maty !




Ireo fitaovam-piadiana tratra tany aminy !

*Nifampitifitra tamin'ny zandary ireo jiolahy ka tamin'izany no nahalavo ilay iray.*

Nirefodrefotra indray ny basy teny Anosizato Andrefana ny alatsinainy teo tokony ho tamin'ny 08 ora alina. Rakotra zandary ny teny an-toerana tamin'io tamin'ny fanenjehana jiolahy. Nifampitifitra tamin'ny zandary ireo jiolahy nitampiadiana ka tamin'izany no nahalavo ny iray tamin'izy ireo. Araka ny fanazavàna azo, nisy nahatsikaritra ireto jiolahy ireto tamin'io, izay nihaodihaody teo an-tanàna. Nampiahiahy ny olona ny fihetsik'izy ireo ary toa nitondra fitaovam-piadiana. Nampandrenesina haingana ny zandary tao Anosizato. Niantso ny zandary teny Fenoarivo ihany koa ireo nony avy eo mba hanampy amin'ny fikarohana ireo olon-dratsy. Fantatra tamin'izany fa misy andian-jiolahy mikasa hanafika ao an-toerana. Raikitra ny fisavàna ireo olona mampiahiahy rehetra teny andàlana. Tamin'izany indrindra no nisy roa lahy tonga dia nitsoaka raha vao nahatazana ireo zandary. Nasaina nijanona fa tsy nety ary vao mainka aza navoakany ny basy tao anaty kitapony nitifirany ireo zandary.

**Tafatsoaka**

Nifampitifitra tamin'ny zandary teo io ka tamin'izany no naha-voatifitra azy ary nitarika ny fahafatesany. Tafatsoaka kosa ilay namany iray. Mbola tratra teny amin'ity jiolahy ity ny basy vita gasy iray nampiasainy niaraka tamin'ny antsy lavalela tao anaty kitapony. Nalefa eny amin'ny tranom-paty avy hatrany ny razana. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ilay jiolahy tafatsoaka sy ny namany rehetra. Tsy mbola fantatra moa ny trano saika hotafihan'ireto jiolahy ireto teny Anosizato Andrefana teny. Nahazo vaovao mahakasika azy ireo mialoha anefa ny zandary ka tsy tanteraka ny asa ratsy nokasainy hatao. Mbola manentana hatrany ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra ny zandary mba tsy hisalasala hampandre azy ireo avy hatrany raha vao misy tranga mampiahiahy toy izao hahafahana misoroka ny asa ratsin'ireo jiolahy.

R.C

Ankaraobato

# Mamo am-perinasa, mpamily taksibe sy ny mpanampy azy voasambotra





Izy roa lahy voasambotra.

Lehilahy roa, mpamily fiara fitateram-bahoaka sy ny mpanampy azy, no nosamborin'ny polisy teny Ankaraobato afakomaly noho izy ireo mamo am-perinasa. Nahazo loharanom-baovao avy amin'ny mpandeha tao anatin'ilay taksibe ihany ireo mpitandro filaminana fa mamo ny mpamily ilay fiara sy ny mpanampy azy nitondra azy ireo ka mety hitera-doza. Vantany vao naheno izany ny polisy dia nandray ny andraikitra nandeha nametraka sakana. Teny Ankaraobato no hita ilay fiara ary najanona avy hatrany. Dia nosamborina ireo roa lahy ireo ary nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisaria foibe Atsimondrano taorian'izay. Fantatra fa fahamamoana teo ampitondrana fiara fitaterambahoaka no vesatra iampangana azy ireo. Natao andrimaso sy natao famotorana eny izy roa lahy mandrapahatonga ny fiakaran'ny raharaha eny amin'ny fampanoavana.

T.H

Ikalamavony

# Ramatoa maty novonoin'ny vadiny

Disadisa tao an-tokantrano no nitarika fifamonoana teo amin'ireo mpivady tao Andraovorikaolo, fokontany Amboasary, distrikan'Ikalamavony tamin'ny herinandro lasa teo. Namoy ny ainy ilay renim-pianakaviana taorian' ny fifampikasihan-tanana taminy sy ilay rangahy vadiny. Raha ny fantatra dia novelesin'ilay lehilahy io vadiny io ka maty tsy tradrano. Noezahina nentina haingana teny amin'ny hôpitaly ihany saingy tsy nahitam-bokany noho ny dona sy ny ratra mafy nahazo azy. Mpivady vao erotrerony izy ireo ary manan-janaka telo mianadahy. Araka ny fanazavana hatrany dia somary mitoka-monina ry zareo satria miala tokony ho 800 metatra amin'ny tanànan' Andraovorikaolo ny trano fonenany. Voalaza fa tsy nisy nahare izay ady nifanaovan'izy mivady tao an-trano. Tsy fantatra mazava ihany koa izay mety ho nahatonga ny korontana. Tsy lasa lavitra moa ilay raim-pianakaviana fa voasambotry ny fokonolona. Voatery nentin'ny zandary ny Ikalamavony ihany koa ilay nahavanon-doza hisorohana ny mety ho fahatezeram-bahoaka.

**Tsy salama saina**

Hita teny ivelany sahabo ho 15 metatra atsinananan' ilay trano ny vatana mangatsiakan'ilay ramatoa. Araka ny angom-baovao hatrany no nahalalana fa ny zanak'izy mivady no nampandre ny fokonolona tao an-toerana. Marihina fa olona tsy dia salama saina tsara ilay rangahy nahavanon-doza raha ny filazan'ny manodidina hatrany. Mitohy ny fanadihadiana ny raharaha amin'izao fotoana izao raisin'ny zandarimariampirenena ao Ikalamavony.

Deyland

Imerimandroso Ivato

## Mpangalatra omby 2 lahy voasambotry ny fokonolona

Tena tratra ambodiomby araka ny fitenenana tokoa ireto roa lahy ireto satria dia trà-tehaka teo am-pangalarana omby niraoka ahitra teny an-tsaha izy ireo ny alahady tolakandro teo, tao amin'ny fokontany Ankosy, kaominina Imerimandroso Ivato. Teo am-pamahana ny tady nifatoran'ireo omby indrindra izy ireo no nisy nahatsikaritra ka nanaovan'ny olona hazolava. Vetivety dia vory ny fokonolona tao antanàna raha nandre ny hiaka hazolava. Nirohotra nankany an-tsaha avokoa ny rehetra fa hoe misy mpangalatra omby tratra any. Trà-tehaka teo tokoa ireo roa lahy ka nitangoronan'ny fokonolona. Tsy afa-nitsoaka intsony ireo mpangalatra omby ireto ka noraisim-potsiny teo. Nampandrenesina ihany koa ny zandary avy ao Imerimandroso ka fotoana fohy dia tonga tao an-toerana nanampy ny fokonolona. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary avy hatrany ireo roa lahy ireo mba hatao famotorana sy ho fiarovana ny ainy amin'ny fitsaràm-bahoaka. Tsy mbola nisy moa ny omby lasan'izy ireo tamin'io. Paikady hazolava nampianarin'ny zandary no nampiharin'ny fokonolona tamin'io ka nahazoana izao vokatra izao.

R.C



Ireo mpangalatra tratra !



Tsy nikely soroka ireo zandary.

Mahajanga

## Vehivavy nahafaty ny sakaizany, nidoboka any am-ponja

Tamin'ny alalan'ny tsatoka antsy no namonoan'ity ramatoa ity ilay lehilahy sakaizany ka nitarika ny fahafatesany. Ny 16 aprily lasa teo no nitrangan'izany tao Antanimalandy-Mahajanga. Araka ny fanazavàna azo, nisy ny fifamaliana teo amin'izy ireo noho ny zavatra novidian'ilay ramatoa, izay tsy nankasitrahan'ilay lehilahy. Tamin'izany indrindra no tonga dia naka antsy ilay vehivavy ary notsatohany tamin'io ilay lehilahy. Tsy nanampo na inona na inona moa ity farany ka tsy afaka niaro tena akory. Nijininika ny rà ka teo vao nikoropaka ilay ramatoa. Taitra ny teo amin'ny manodidina raha nandre ny kotaban'izy ireo. Novonjena nentina haingana namonjy hopitaly ilay rangahy saingy noho ny rà betsaka very taminy dia tsy tana ny ainy. Efa voasambotra tamin'io fotoana nitrangan'ny loza io ihany ilay ramatoa. Taorian'ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana dia natolotra ny Fampanoavana avy hatrany ilay nahavanon-doza. Fantatra tamin'izany fa notanana vonjimaika any am-ponja ilay ramatoa miandry ny fotoampitsaràna azy. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa mpamily amin'ny zotram-pitaterana iray mampitohy an'Antananarivo sy Mahajanga io lehilahy maty io. Tokony ho sivy amby roapolo taona eo ilay vehivavy nahavita namono ilay sakaizany io. Efa niray trano anefa ry zareo kanjo izao no nitranga.

R.C

Kmf/cnoe

# Miantso ny CENI sy ny HCC tsy handray baiko politika

*Ahian'io fikambanana io ny hisian'ny savorovoro eto raha tsy mijoro amin'ny fahamarinana ireo mpikirakira ny fifidianana ireo.*

Manara-maso akaiky ny fizotran'ny raharaham-pirenena, indrindra ny fikarakarana ny fifidianana solombavambahoaka hatao eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara amin'ny 29 may izao ny eo anivon'ny KMF/CNOE – Fanabeazana olompirenena. Omaly dia namoaka fanambarana niantsoany ny Vaomierampirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana tsy handray baiko politika na avy amin'iza na avy amin'iza amin'ny fikirakirana izany fifidianana izany io fikambanana io. "*Ianareo voakasiky ny fikarakarana ny fifidianana mivantana (CENI sy HCC), tsy hisy fibaikona azonareo raisiona afa-tsy ny lalàna sy ny feon'ny fieritreretanareo ihany. Ianareo no antoky ny fangaraharahan'ny fifidianana. Fantatra hatrany fa tsy ho mora fa adidy efa nekenareo izany koa ataovy an-kahallahana sy am-pahamatorana*", hoy ny KMF/CNOE tamin'izany. Ankoatra izay, nitodika manokana tamin'ireo kandida ho solombavambahoaka io fikambanana io. "*Ry mpanao politika, aoka ianareo hanaja ny etika politika. Tsy mankasitraka ny mety hanohitohinana ny fahalalahan'ny olom-pirenena hisafidy toy ny fizarana vola sy fitaovana mba hahazoana ny safidiny izahay. Izay tena hevitra sy anjara birikinareo mpirotsaka hofidiana entina hampandrosoana ny firenena. Ialao ny fitaka sy ny lainga ary ny fampihorohoroana* », hoy hatrany izy ireo.

**Hanatanteraka sazy**

Ambonin'izany, niantso ireo mpiasam-panjakana mba hanaja ny sata mifehy azy ireo amin'ny tsy fiandaniana amin'izao vanim-potoana mialoha ny fifidianana izao ny KMF/CNOE. "*Tsikaritra eny amin'ny foibe ka hatrany ifotony amin'ny Andrimpanjakana sy ny Minisitera sasany ny petadrindrina mandrara ny mpiasampanjakana tsy handray anjara amin'ny fampielezankevitra. Tanterahonareo tomponandraikitra mahefa tokoa ny sazy voalazanareo amin'ireny petadrindrina ireny, ho an'ireo tsy manaradalàna*", hoy izy ireo tao amin' ny fanambarana navoakany. Farany, tsy nohadinoin'izy ireo ny niantso ny vahoaka malagasy handray antànana ny ho avin'ny firenena. "*Manaika ny olompirenena malagasy handeha hifidy, indrindra hahay hisafidy amin'izao fahefana nomena antsika izao. Aza hadinoina ny hanara-maso ny vokatry ny safidy nataontsika ary sahia mitoroka ny tsy fanarahan-dalàna. Tsiahivina fa depiote mahafehy ny andraikiny no ilain'ny firenena : mpanao lalàna, mpanara-maso ny asan'ny governemanta, mpitondra ny hetahetan'ny olompirenena amin'ny mpanapakevitra ary mpanao tatitra amin'ny vahoaka*", hoy hatrany izy ireo tao anatin' izany.

**Nangonin'i Mamy R.**

Kandidan'ny Firaisankina any Antsirabe I

# Naiditra am-ponja vonjimaika eny Antanimora Rtoa Olga Ramalason

Ahian'ny maro tsy ho afabela amin'ny raharahampitsarana mahavoaringotra azy indray ny kandidan' ny Vovonana Firaisankina lisitra faharoa any Antsirabe I, Olga Ramalason. Araka ny loharanom-baovao akaiky ny dosie dia omaly tamin'ny efatra tolakandro no nandalo fitsarana teny amin'ny Fitsarana miady amin'ny kolikoly fantatry ny maro amin'ny hoe PAC ny raharaha iampangana azy. Voalaza tamin'izany fa naidītra am-ponja vonjimaika eny Antanimora avy hatrany io olon'ny fanoherana sady loholona teo aloha io taorian'izany. Raha ny fanazavana nentin'ny depiote Hanitra Razafimanantsoa, vesatra niapangana andRtoa Olga Ramalason ka nampidirana am-ponja vonjimaika azy izao ny raharaha fivarotana tany, izay voalaza fa nataony sonia tany amin'ny taona 2008/2009 tany, fony nahaben'ny tanàna azy tao Antsirabe Ambonivohitra. Ao anatin'izany rehetra izany, tsy niandry ela fa omaly alina ihany dia nilaza io olomboafidy TIM io fa misy ambadika politika izao fanenjehana ny kandidan'ny Firaisankina any Antsirabe I izao ka tsy ho eken'izy ireo. Marihana fa ankoatra ny andefimandriny dia tazana nanotrona azy teny Antanimora omaly alina ny Sekretera Jeneralin'ny TIM Rina Randriamasinoro sy ny depiote Fidele Razara Pierre ary Me Hanitra Razafimanantsoa. Raha tsiahivina, efa ministiry ny varotra tamin'ny fitondrana tetezamita sy Senatera TIM ihany koa ramatoa Olga Ramalason.



**Mamy R.**

Andry Rajoelina

# Miroso ny fifampiraharahana amin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena

Nandray ny delegasion'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI) izay notarihan' Andriamatoa Frédéric Lambert, ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA sy ireo mpikambana eo anivon' ny Governemanta, omaly. Ny hametrahana indray ny fandaharanasa "Facilité Elargie de Crédit (FEC) sy ny "Facilité pour la Résilience et la Durabilité (FRD). Araka ny angom-baovao momba ity FEC vaovao ity dia mifanindran-dalana amin'ny Politika Ankapoben' ny Fanjakana satria miompana amin'ny fahamarinantoerana ara-bola sy ny fitantanam-bola, ny fitomboana ara-toekarena, ny fampiroboroboana ny maha-olona, ny fiahiana ara-sosialy ary ny fitantanan-draharahampanjakana. Ny FRD kosa dia fandaharan'asa vaovao hanohana ny fahafahana miatrika ny firenena manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro. Mbola hitohy hatramin'ny 3 may 2024 ho avy izao ny dian'ireto delegasion'ny FMI ireto izay hanohizany ny fifampiresahana amin'ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta ny hahafahan'i Madagasikara misitraka ireo fandaharan'asa roa ireo. "Isika aloha izao vao manomboka amin' ny fifampiraharahana amin' ny Tahirim-bola iraisampirenena (FMI). Ny tsara ho marihina dia hoe Madagasikara dia mangataka ilay famatsiam-bola antsoina hoe "Fonds pour la résilience et la durabilité". Tsy azo angatahina anefa izany raha tsy mbola manana fandaharan'asa maharitra 18 volana ny fanjakana. Ny "FEC"teo aloha anefa tsy maharitra intsony 18 volana fa tapitra tamin'ity premier semestre ny taona 2024 ity. Teo isika no nanana safidy hoe na manao fanitarana hatramin'ny taona 2021. Na ajanona ny taona 2021 dia manao "FEC" vaovao mihitsy isika maharitra 36 volana. Anisany safidin-tsika Madagasikara anefa ilay hanao "FEC"vaovao 36 volana miaraka amin'ny "FRD"hoy ny fanazavana nentin'ny Ministitry ny toekarena sy fitantanam-bola, Rindra Hasimbola Rabarinirinarison. Marihina fa io FEC vaovao io dia tsy maintsy fandaharan'asa mifandray amin'ny teti-bola ara-bola sy fitantanana ny volampanjakana.

**Deyland**

Fametrahana kaontin'ny propagandy

# Tapitra ny telo volana omen'ny lalàna, mbola tsy rototra ireo niatrika ny fifidianana Filoham-pirenena

Tapitra tamin'ny 1 marsa lasa teo ny fe-potoana 3 volana tokony nanateran'ny kandidà Filoham-pirenena, nandritra ny fifidianana farany teo ny taratasy mirakitra ny vola nolaniany nandritra ny fampielezan-kevitra. Io fe-potoana io dia voarakitra ao amin'ny andininy faha-83 amin'ny lalàna fehizoro, mitondra ny laharana 2018-008, tamin'ny 30 aogositra 2018, mikasika ny pitsopitson-dalàna mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka. Ny votoatin'io lalàna io raha tsiahivina, dia mametraka fa 3 volana aorian'ny daty ivoahan'ny voka-pifidianana ôfisialy no tsy maintsy mametraka ny kaonty mirakitra ny vola laniny nandritra ny fampielezan-kevitra ny kandidà Filohampirenena. Raha ny loharanom-baovao akaiky ny kômisiôna manara-maso ny famatsiam-bola ampiasaina amin'ny sehatry ny pôlitika dia mbola tsy rototra amin'ny fametrahana izany kaontin'ny fampielezan-kevitra izany ny anakamaroan'ireo niatrika ny fifidianana Filohampirenena farany teo hatramin'izao. Mazava izany fa nanara-dalàna ireo nilatsaka hofidiana tany aloha ny ankamaroan'ireo kandida filoham-pirenena miisa 13 nilatsaka farany. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tsy misy andininy milaza ny sazy hampiharina amin'ireo kandidà tsy manaja io andininy faha-83 io ao anatin'io lalàna fehizoro io. Na izany na tsy izany, heverina fa tokony ho môdely eo anivon'ny fiaraha-monina izany kandidà milatsaka Filohampirenena izany ka tsy hiandry sazy vao hanaja ny lalàna. Ao anatin'izany rehetra izany, raha tsiahivina dia efa nilaza ny Transparency International Initiative Madagascar tamin'ireny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana filoham-pirenena ireny fa tsy nangarahara ny loharanom-bola nampiasain'ny ankamaroan'ireo kandida. Nanamarina ny fisiana fividianana sy fanodikodinana safidim-bahoaka na an-kolaka na mivantana, izay miseho amin'ny endrika maro io firaisamonim-pirenena manana ny foibeny any Alemana io tamin'izany.

**3 miliara Ar**

Tsy nijanona tamin'ny fanambarana ihany moa izy ireo fa nanaitra ny CENI sy ny HCC ary ireo sampandraharaha mitarika ny ady amin'ny kolikoly toy ny BIANCO sy ny PAC tsy hitazam-potsiny fa hiasa sy hampihatra ny lalàna amin'ireo hita sy voamarina fa mihoa-pefy. Tahaka izao manaraka izao ny tombana nataon'ny Transparency International mikasika ny fandanian'ireo kandida telo niroso tamin'ny fampielezankevitra sy ny Vondron'ny kandida manao hetsika an-dalambe nandritra ireny fifidianana ireny. Niaingan'io firaisamonim-pirenena io tamin'izany ny hoe manodidina ny 50 tapitrisa Ar eo ho eo ny hofan'ny angidimby iray isan'andro, 3 000 Ar ny fanamiana iray zarain'ny kandida mandritra ny hetsika propagandy, 15 tapitrisa Ar ny fandaniana amin'ny fanamafisam-peo sy ny fampitaovana rehetra ary 200 000 Ar ny hofan'ny fiarakodia isan'andro. Araka izany, ho an'ny kandida Andry Rajoelina dia mitotaly 3 miliara 200 tapitrisa Ar ny tombana fandaniana nataony tamin'ny toeran 14 nanaovany fampielezankevitra, nahatratra 2 miliara 900 tapitrisa Ar kosa ny an'ny kandida Siteny Randrianasoloniaiko, maherin'ny 28 tapitrisa miliara kosa ny an'ny kandida Raderaniaina Daniela Sendrison ary tafakatra 1 miliara 132 tapitrisa ny an'ny vondron'ny kandida 10 manao hetsika politika etsy sy eroa. Nomarihan'ny Transparency International tamin'izany fa mbola tsy tafiditra ao anatin'io tombana fandaniana io ny karaman'ny mpanakanto. Dia nahitsy ny teo anivon'io firaisamonim-pirenena io raha nilaza fa raha ny tokony ho izy dia anjaran'ny antoko sy ny kandida no mampiseho ny loharanom-bola sy ny teti-bola ampiasainy mandritra ny fampielezankevitra kanefa tsy nisy niroso tamin'izany izy ireo ka noraisiny ny andraikitra.

**Mamy R.**



Tsimbazaza - Fivoriana ara-potoana I

# Ho bangabanga ny seza, depiote maro no hanao fampielezan-kevitra

Hanendry filoha lefitra iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitra, ho lohan'ny Antenimieram-pirenena ve ny depiote Rabenirina Jean Jacques, izay marihina fa kandidà, amin'ny fifidianana depiote, amin'ny 29 mey ho avy izao? Io no fanontaniana manitikitika ny saina manoloana ny fivoriana ara-potoana hotanterahin'ny solombavambahoaka, amin' ny 7 mey ho avy izao, araka ny ambaran'ny andininy faha-75 amin'ny lalampanorenana. Marihina fa raha ny tsilian-tsofina dia hanohy hatrany ny andraikiny, amin'ny maha filoha mpisolo toerana azy ny solombavambahoaka voafidy tany Betioky Atsimo. Raha izay no hitranga dia sady hanao fampielezan-kevitra izany io olomboafidy io no hanatanteraka ny andraikiny, eny amin'ny Antenimieram-pirenena. Tsiahivina fa ambaran'io andinin-dalàna voalaza eo ambony io fa mivory indroa isan-taona ny solombavambahoaka ary ny talata voalohany, amin'ny volana mey no tanterahina ny fivoriana voalohany, raha ny volana ôktôbra kosa ny fivoriana faharoa izay handinihana ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana. Ny fivoriana ara-potoana voalohany izay mifanindry amin' ny fisokafan'ny fampielezan-kevitra, hanomboka amin'ny 8 mey ho avy izao.



Ny Antenimieram-pirenena ( sary tahiry )

**Tsy mitombina !**

Manoloana izany, ahiana ho bangabanga ny seza, eny amin'ny Antenimieram-pirenena, noho ny ankamaroan'ny solombavambahoaka mbola kandidà, amin' ny 29 mey ho avy izao. Ankoatra izay, raha ny mateti-pitranga eny amin'ny Antenimieram-pirenena, nanomboka ny taona 2019 dia ahiana tsy hifantoka amin'ny fivoriana intsony ireo depîote tsy kandidà. Efa hifarana rahateo ny fotoam-piasan'ny solombavambahoaka. Araka ny efa nomarihina etsy ambony dia ny lalam-panorenana no mametra ny tsy maintsy hanatanterahana ny fivoriana ara-potoana izay ambaran'ny andininy faha-75. Noho izany, tsy mitombina ny soso-kevitra natsidiky ny mpikambana iray ao amin'ny birao maharitra, milaza ny tokony hanafoanana ny fivoriana ara-potoana, amin'ny talata voalohan'ny volana mey ho avy izao. Tolo-kevitra izay heverina fa tsy tokony horesahina akory mba tsy ho zary fomba fanao ny manitsaka hatrany ny lalàna manan-kery, indrindra andrimpanjakana mpanao lalàna izay tokony ho môdely ny Antenimieram-pirenena.

V.R.

## Marina izany !

### Manambitana ve !

**Tsy mihenjan-droa intsony ny tady no azo ilazana ny zava-misy ao amin'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra fa efa ady an-trano eo amin'ny samy mpivarotra mihitsy. Ny ampahany amin'izy ireo manohana ny fakàna ny haban-tsena mivantana, ny ampahany hafa mitaky ny hamerenana an'izany amin'ny orinasa tsy miankina, efa mijoro ao amin'ny kaominina. Ankoatra izay, vaky ihany koa ny ady eo amin'ny mpivarotra amoron-dalana manohana ny hanitarana ny tsena, eny amin'ny lalan'ny fiarakodia sy ny manohitra io fanapahan-kevitra vaovao io. Mbola eo ihany koa ireo mponina manodidina izay manana ny hambarany. Ny tsikaritra anefa dia toa fitaovana fotsiny ny ankamaroan'ireny maneho hevitra ireny fa ny mpibaiko ny andaniny sy ny ankilany aty ambadika no tena tompon-kevitra. Ny fitantanana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra izay tsiahivina fa tompon'andraikitra vonjimaika ihany, mandra-pisian'ny ben'ny tanàna vaovao ho lany amin'ny alalan'ny fifidianana. Na ny mpomba ny fanjakana na ny any amin'ny fanoherana izay tsy iadian-kevitra fa samy efa mieritreritra izay kandidà hatolotra ho ben'ny tanàna, na dia mbola azo lazaina ho tsy laharam-pahamehana aza aloha izany amin'izao fotoana izao. Mbola tsy nandrenesana anarana aloha izay kandidà mety ho tohanan'ny mpanohitra. Ny aty ankilany kosa mampametra-panontaniana hoe manambitana ho kandidà ve ny filohan'ny delegasiôna manokana am-perinasa ? Itsy farany izay tsikaritra ho miezaka mafy amin'ny fanatsarana ny tanàna sy ny famahana, araka izay tratra ireo olana nahabe resaka ny mponin' Antananarivo. Tsorina anefa fa tsy ho mora ny hambabo ny eto an-drenivohitra izay efa mahiratra !**

Voahangy Rakotozafy

Fanangonana karapanondro mialoha ny fifidianana

# Mampanahy ny kandidàn'ny mpanohitra ka angataham-panazavana amin'ny CENI

Mitohy ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fanaparampahefana ataon'ny kandidà sasantsasany. Ary ny mpiara-dia amin'ny mpitondra no maro voakasik'izany. Fandikan-dalàna izay voarakitra an-tsary ary miparitaka eny amin'ny tambajotra sôsialy ny ankamaroan'izy ireny. Anisan'izany ny fanangonana karapanondrom-pirenena. Ny eny amin'ny boriborintany voalohany, eto an-drenivohitra aloha no efa nahazoana vaovao marim-pototra fa misy iraka mitety tokantrano, manangona izany. Tranga mampiahiahy ny kandidàn'ny mpanohitra sy ny mpomba azy ka angatahan'izy ireo fanazavana amin'ny vaomiera manokana misahana ny fifidianana, ny mety ho antony ilàna izany. Toy izany koa ny hoe: Ara-dalàna ve izany? Iza no maniraka azy ireo? Ankoatra izay, maro ihany koa ny fitarainana mahakasika ny fampiasana fitaovam-panjakana, tapabolana eo ho eo mialoha ny fisokafan'ny fampielezan-kevitra.

**Fandrahonana hafindra toerana !**

Manginy fotsiny ny baiko sy ny tsindry atao amin'ireny olom-panjakana eny ifotony, ireny raha tsy hiresaka afatsy ny olombelona eo ambany fifehezan'ny minisitera misahana ny fanabeazana amin'ny ankapobeny sy ny rantsa-mangaikan'ny minsiteran'ny atitany. Na izany na tsy izany, raha ny zava-misy eny an-kianja dia misy amin'izy ireo no manaraka baiko, saingy misy kosa no tsy mamaly nefa tsy manatanteraka ary izy ireny indrindra no iharan' ny fandrahonana hafindra toerana. Antenaina fa handray ny andraikitra mifanandrify amin'izany, amin'ny fotoana mahamety azy ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, manana andraikitra amin'ny fifidianana filoham-pirenena sy ny solombavambahoaka sady tsy mitsahatraa ihany koa ny mampitandrina izay mandika lalàna. Ny andrasan'ny maro dia ny fampiharana ny sazy, tsy misy fanavahana amin'ireo kandidà mandika lalàna, na mpanohana ny fitondrana na mpomba ny mpanohitra.

V.R.




Ny mpikambana ao amin'ny CENI, iantefan'ny antsoavo.

Analamahitsy

# Nitokona ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra, tsy manaiky ny handalovan'ny teleferika ambonin'ny sekoly

Nivoaka tamin'ny fahanginany ireo Ray aman-dRenin'ny mpianatra. Omaly dia nitokona ny VRM (Vondron'ny Ray aman-dRenin'ny Mpianatra) eo anivon'ny "Ny Sekolintsika" eny Analamahitsy. Toherin'izy ireo ny fandalovan'ny tarby ambon'ny sekoly amin'ilay fitaterana mihantona ao anatin'ny tetikasa Teleferika. Raha ny fanazavana nomen'ireto farany dia manimba ny maso sy ny sain'ireo ankizy ary misakana ireo tetikasa fanitarana ny sekoly ny fisian'ny fotodrafitrasa eo amboniny. Nanohana azy ireo ny mpanabe sy ny maintimolalin'ny seokoly ary ny solonten'ny EKAR Analamahitsy. Nohamafisin'izy ireo fa nijanona tamin'ny fampahafantarana ny fisian'ny tetikasa fotsiny ireo tomponandraikitra fa mbola tsy nisy fifampiresahana matotra tamin'ny andaniny sy ny ankilany. Nilaza ny hitondra ny fitarainana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izy ireo raha tsy misy famahana olana. Tsiahivina fa efa nanao fitokonana koa ireo mpianatra tamin'ny taon-dasa noho io resaka io ihany. Raha ny tetiandro efa napetraky ny fanjakana anefa dia alohan'ny fetin'ny fahaleovan-tena amin'ity taona ity no hisokatra ny ampahany voalohany amin'ny zotra ao anatin'ity teleferika ity.

R. Muray

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Mandritsara

# Nidina an-dalambe ny mpianatra ao amin'ny lycée Victor Miadana

Vao maraina dia nanao hetsika fanoherana sy nivoaka ny faritry ny sekoly ny mpianatra ao amin'ny Lycée Victor Miadana izay hita any Mandritsara. Ny provisera mihitsy no voalaza ho nitarika izany fitakiana izany noho izy ireo tsy manaiky ny fanorenana ny fiangonana zandriny eo akaikin'ny vavahadin'ny lycée ao Mandritsara. Nitety tanàna nanao ny diaben'izy ireo. Nodoran'izy ireo ihany koa ny hazo sy ny gony hita teny amin'ny manodidina. Nisy bajaj roa amperin'asa potika. Taorian'ny famakivakiana ny tanàna nataon' ireo mpianatra ireo dia nirohotra nandrodana ny zavatra efa naorin'ny fiangonana, izany hoe ny vato fototra, ireo mpianatra. Efa nanomboka hita taratra ihany koa ny fahasorenana tamin'ireo mpianatra ka nahatonga azy ireo nanao fihetsika toy izao. Voalaza mantsy fa hiteraka kotaba ny fisian'ny fiangonana manakaiky sekoly iray. Iarahan'ny rehetra mahita ihany koa fa tsy andro alahady ihany no manao fanompoam-pivavahana ny fiangonana zandriny fa saika isan'andro misy. Tsy izay ihany anefa fa tsy mifidy fotoana ihany koa izy ireo fa na maraina na hariva na tolakandro misy olona miangona foana. Nilaza ny sekoly fa efa nisy ny dingana maromaro natao mialoha izao hetsika izao saingy tsy nahitam-bokany aloha hatreto. Mbola niteny ihany koa izy ireo fa tsy hijanona eto fa mbola hitohy ny fitakiana mandra-pahazoana rariny. Ireo olona simba fiara kosa mangataka amin'ny sekoly mba hanamboarana ny zavatra simba satria handeha hanatitra marary any amin'ny hopitaly ny iray ary amperinasa ny iray tamin'ireo bajaj.



Tsy manaiky ny hananganana fiangonana eo akaikin'ny sekoly ireo mpianatra.

Nath

Tsenan'ny vy iraisam-pirenena

# Niakatra 19 000 Dôlara ny vidin'ny nikela




Anisan'ny manana kalitao tsara indrindra ny nikela avy eto Madagasikara.

Mihatsara ny vidin'ny nikela. Afak'omaly dia tafakatra 19 012,50 Dôlara (Manodidina ny 84 tapitrisa Ariary) ny iray taonina eo amin'ny tsenan' ny vy iraisam-pirenena. Vaovao tsara ho an'ireo firenena mpamokatra nikela toa an'i Madagasikara ny fihatsaran'ny vidiny. Tsiahivina fa efa nahitana fitotonganana teo amin'ny 50 isanjato ny vidiny tao anatin'ny herintaona. Raha tany amin' ny 32 000 Dôlara ny vidiny tamin'ny febroary 2023 dia tsy nitsahatra nidina ary tonga tany amin'ny 16 000 Dôlara tamin'ny febroary tamin'ity taona ity. Maro ireo orinasa mpitrandraka trapahasahiranana sy nikatona vokatr'ity krizy ity. Anisan' izany ny tetikasa Ambatovy, izay voatery nandray fepetra nampihemotra ireo tetikasa tsy mahakasika ny fitrandrahany mivantana andaniny, ary ny nampiato vonjimaika ny ampahany tamin'ireo orinasa mpiantoka asa miara-miasa aminy ankilany. Iankinan'ny toekarena eto Madagasikara ny fitrandrahana nikela. Mamelona olona eo amin'ny 10 000. Nahavita nampiditra 43,5 tapitrisa Dôlara tao anatin'ny kitapombolam-panjakana nandritra ny taona 2022 ary nandrotsaka 300 tapitrisa Dôlara teto amin'ny tsena anatiny tamin'ny alalan'ireo fanjifana nataony tamin'io taona io ihany. Raha ho an'ny taona 2023 dia nahavita namokatra nikela 36 000 taonina ny tetikasa Ambatovy. Marihina fa ny nikela dia karazam-by tsy mety harafesina, izay tena miasa be amin'ny fanamboarana ireo fitaovana elektronika sy informatika ary ny vatoaratra ampiasaina amin'ireo fiara mandeha amin'ny herinaratra.

R. Muray

Fampiharana ny karama farany ambany

# Hanao "opération coup de poing" ny Minisiteran'ny Asa

*"Hisy hetsika, na "operations coup de poing" hatao manomboka amin'ny faran' ny volana aprily sy amin'ny mey manontolo iny. Hijerena ny fampiharana ny karama farany ambany ho an'ny sehatrasa tsy miankina hotanterahin'ny Minisiteran' ny Asa. Hidina ifotony eny anivon'ireny orinasa tsy miankina izay misy isaparitra ireo mpanara-maso ny asa. Hijery ny fampiharana ny karama farany ambany"*, hoy ny Minisitra Hanitra Razakaboana tamin' ny mpanao gazety. Nomarihin'ity farany fa zava-dehibe loatra ny fanaraha-maso ny fampiharana an'iny karama farany ambany iny, satria efa didim-panjakana izy iny, ary indrindra indrindra dia vita fifanarahana teo amin' ny fivondronamben'ny mpampiasa sy ny sendikan' ny mpiasa ny nahafahana nampiakatra an'iny karama farany ambany iny amin'ity taona 2024 ity. Tamin'ny orinasa tsy miankina tany Toamasina no nanombohan-dRtoa Hanitra Razakaboana sy ireo mpanara-maso ny asa ny hetsika andro vitsy lasa izay.

HAR

## Samy... Fanjakan'ny...arabe !

Izay rehetra mandalo eny Analakely mihazo ny lalana Andrianamponimiera, tsy maintsy hahamarika ny marika mavomavo amin'ny arabe handray ireo mpivarotra ny zoma ka hatramin' ny alahady. Mahakasika izany indrindra, resaka isika samy isika ihany, mitady hahazo faka eto amin'ity renivohitr'i Madagasikara ity ny fanjakan'ny… arabe. Araka ny fandaminana indray mantsy, hametrahana ireo mpivarotra iny lalana iny ka tsy tokony hahitana izany intsony ny sisin-dalana. Efa niteraka fanehoan-kevitra amin'ireo mpivarotra na izany avy ao amin'ny pavillon na izany ireo ao amin'ny magazay io fandaminana io. Ny tsy azo lavina ihany koa, tsy ho azon'ny fiara hatao intsony ny mamakivaky an'Analakely amin'ny andro hitoeran'ireo mpivarotra amin'io lalana io. Lalana izay lasa tsena mandritra ny telo andro. Nalaza tamin'ny fotoan'androny ny filazana hoe : ny arabe ho an'ny fiara, ny sisin-dalana ho an' ny mpandeha an-tongotra ary ny tsena ho an'ny mpivarotra. Izao anefa ny malaza, ny arabe ho an'ny… mpivarotra satria lasa tsena. Asa aloha hanao ahoana ny fivezivezena ao anatin'ny tsenan'ny...arabe ity fa dia ho hita ao ny tranga rehetra hita amin'ny tsena tafo lanitra ! Ho mafy ihany koa ny fifaninanana eo amin'ny samy mpivarotra karazan'entana samihafa andaniny ary ankilany amin'izy ireo sy mpivarotra any amin'ny magazay. Na eo aza anefa izany rehetra izany, ny azo antoka aloha dia hitombo ny habantsena hiditra ho an'ny tanana raha manefa izany izy ireo. Amin'izay indray kosa aloha, mampidi-bola ny fanjakan'ny… arabe ! Samy isika ihany é !

Herivonjy RAJAONAH

...isika

## FANTINA

Voam-boatavo

# Manan-karena otrikaina, tsara ho an'ny fahasalaman'ny vatana

*Maro no tsy mahafantatra ny soa azo avy amin'ny voam-boatavo. Matetika arina fotsiny ireo voany rehefa mahandro voatavo ny ao an-tokantrano. Voaporofon'ny fikarohana nataon'ireo manam-pahaizana eo amin'ny fanjarian-tsakafo anefa fa mitondra otrikaina maro sy manatsara ny fahasalaman'ny vatan'olombelona ny fihinana azy ireny.*

**Manetsika ny hery fiarovana**

Manan-karena "Zinc". Ity singa ity dia manampy amin' ny fanamafisana ny hery fiarovan'ny vatan'olombelona amin'ny alalan'ny fanetsehana mafy ny asan'ny "Lymphocite T". Manampy ny vatana ihany koa hiaro amin'ny sery sy ny gripa ary ny aretina mpahazo ny maso, sns.

**Manala "Cholestérol"**

Mitondra ny "Phytostérol". Manampy amin'ny fampidinana ny tahan'ny "Cholestérol" ratsy ao anatin'ny vatana ity singa ity. Manampy amin' ny fanadiovana ny lalan-drà koa.

**Ody fanaintainana**

Misy "Antioxydants". Ity singa ity anefa dia manampy amin'ny fanalefahana ny fanaintainana.

**Manamaivana ny fitsaharan'ny fadimbolana**

Maro ireo fisehoan'aretina mahazo ny vehivavy rehefa tonga eo amin'ny fitsaharan' ny fadimbolana tanteraka, na ny "Ménopause". Anisan' izany ny hafanana sy ny aretiandoha matetika. Efa nahitan'ireo mpikaroka fahombiazana ny fampiasana menaka avy amin'ny voam-boatavo tamin'ny fitsaboana ireo trangan' aretina mpiseho mialoha ny "Ménopause" ireo.



**Manatsara ny fahasalaman'ny vatana ivelany**

Mitondra "Vitamine A", "Vitamine E", "Zinc", ary "Acides gras essentiels". Ireto singa ireto kosa dia mitazona ny fahasalaman'ny hoditra sy ny volon-doha ary ny hoho.

**Manala vato**

Sarotra sitranina ny aretin' ny voa. Anisan'ny tena miasa amin'ny fisorohana ny fiforonan'ny vato ao anatin'ny voa, na ny "Calculs renaux" ny voam-boatavo.

**Mandamina "Hormone"**

Maro ireo vehivavy no tratran'ny fikorontanan'ny "Hormone". Ny fisian'ny "Phytoestrogène" anatin'ny voam-boatavo dia mandamina io fikorontanana io.

**Manasitrana "Prostate"**

Aretina tena mpahazo ny lehilahy ny aretin'ny "Prostate". Ny fihinanana voamboatavo anefa dia hahafahana misoroka ny fibontsonan'ny "Prostate" sy ny fahaporetan'ny tatavia lava.

WWF

# Tonga nitsidika ireo harena voajanahary eto ny Tale Jeneraly Kirsten Schuijt

Naharitra 11 andro ny fotoana nijanonan'i Kirsten Schuijt, Tale Jeneralin'ny WWF Iraisampirenena teto Madagasikara. Nandritra io fotoana io, afaka nitafa mivantana tamin'ireo mponina tany amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara izy sy ireo mpiara-miasa ao amin'ny WWF ary ireo mpanohana miasa ao Mahafaly. Tsy nataony ambanin-javatra ny fifanakalozana tamin'ireo fikambanana eny ifotony mitantana ny ala sy ny harena an-dranomasina, izay hitany fa manao ezaka be tokoa amin'ny fitantanana sy ny fikajiana ary fiarovan'ireo harena voajanahary ireo. Nisafidy ny hitsidika ny "arboretum" ao Antsokay amin'ny alina, izay hita any amin'ny 12km miala ny tananan'i Toliara izy, ka afaka nahita ireo tanalahy sy biby madinika ary gidro. Voalaza fa efa an-taona maro no efa niara-niasa tamin'ny WWF ity arboretum ity, izay miparitaka amin'ny velarantany 4 ha ary ahitana karazan-javamariny 900 isa. Fantatra fa ny 90 isanjaton'ireo harena voajanahary ireo dia tsy misy afa-tsy any amin'iny tapany atsimo andrefana iny. Tsy izay ihany fa ny 80 isanjaton'ireo zavamananaina ireo dia miavaka noho izy azo itsaboana.



Afaka nitafa sy nifanakalo hevitra tamin'ireo vondron'olona eny ifotony i Kristen nandritra izao diany tany Atsimo izao.

### Onilahy

Tantanin'ny federasiona ivondronan'ireo fikambanan'olona eny ifotony antsoina hoe Mihavao ny ala arovana Amoron'i Onilahy. Voasokajy ho isan'ny site Ramsar izy ity ary mahazo fanohanana amin'ny WWF. Anisan'ny faritra arovana notantanin'ny vondron'olona eny ifotony voalohany izy ity raha eto amintsika. Afaka nandeha tany Ambiky sy Maroamala i Kirsten Schuijt ka nifanakalo hevitra tamin' ireo mponina mitantana iny faritra iny. Nahazo fiofanana avy amin'ny WWF izy ireo amin'ny resaka fambolena ka afaka manao asa fidiram-bola mba hanenana ny faharefoana ara-tsakafo. Misy ihany koa fikambanana antsoina hoe OBC izay mikajy sy mamerina ny aty ala, nifampizara ny zavatra iainany amin'ny andavanandro.

### Mpanjono

Manan-karena tokoa iny faritra iny raha ny harena an-dranomasina no asianteny. Nihazo ny tananan'ny mpanjono tany Beheloka ny ekipa ka afaka nijery ny fambolena sy fivarotana ny hazan-dranomasina sy ny fambolena algue, iarahana amin'ny orinasa Ocean Farmers. Nihaona tamin'ny solontenan'ny mpikambana ao amin'ny "Aire Marine Gérée Localement", izay resy lahatra fa ny fahaiza-mitantana ny harena an-dranomasina dia afaka manatsara ny toekarena eny ifotony.

### Tsimanampetsotse

Nifarana tamin'ny fitsidihana ny valan-javaboary Tsimanampetsotse ny dian'ny delegasiona. Tsiahivina fa eo ambany fiahian'ny Unesco izy ity ary voasokajy ho isan'ny faritra Ramsar ihany koa. Nahita mivantana ilay baobab antitra indrindra, izay efa mahatratra 1 600 taona, i Kristen. Toraka izay ihany koa ireo gidro antsoina hoe lemur catta, izay efa ahiana ho lany tamingana, ary karazan-tsokatra tsy misy afa-tsy eto amintsika. Faly ny vahiny rehefa tonga eto amintsika, saingy isika tsy afaka mahatsapa ny maha sarobidy ireo harena voajanahary ireo. Vokany, aringana sy vonoina ireo biby ka ahiana ho lany tamingana tanteraka, dorana ny ala. Tsy ampy ny fandraisana andraikitra hiarovana ireo harena tsy manam-paharoa ireo.

**Nangonin'i Nath**

Loka Pierre Castel 2024

# Manome lanja ireo tanora mpandraharaha mendrika

Iaraha-mahalala tokoa fa betsaka vokatra eto amintsika ary misy ireo mpandraharaha vonona hiketrika sy hanodina azy ireo mba hanaraka ny fenitra. Mitaky fahaiza-manao, fitaovana raitra, ary indrindra tohana ara-bola, mba hahafahany mampivelatra sy mampitombo ny asany. Afaka manampy azy ireo amin' izany ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana hahazoana ny loka. Mifarana anio 24 aprily 2024 ny fisoratana anarana amin'ny fifaninanana tanora mpandraharaha Loka Pierre Castel andiany 2024. Tsiahivina fa efa nisokatra nanomboka ny 1 martsa ny fifaninanana ho an'ireo tanora mpandraharaha mizaka ny zom-pirenena malagasy eo anelanelan'ny 18 sy 45 taona, monina sy miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy ny indostria eto Madagasikara. Ireo tetikasa voafantina dia hisitraka amin'ny fanohanana ara-bola sy fanofanana izay afaka manangana sy manamafy ny fahaizany miatrika ireo fanamby raiki-tampisaka eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana eto an-toerana sy iraisampirenena. Toy izao ny fanazavan'i Fanou Raveloarison, miandraikitra ny serasera ivelany sy ny RSE eo anivon'ny Star : "*Manasa ny kandidà tsirairay efa nandefa ny tetikasany izahay mba hijery tsara ny fangatahany alohan'ny fifaranan' ny fe-potoana fisoratana anarana, mba hahazoana antoka fa nahazo ny mailaka fanamafisana ny fisoratana anarana izy. Etsy andaniny, raha ilaina dia vonona izahay hanampy ireo manana fanontaniana mahakasika izany amin'ny alalan'ny pejy STAR Madagascar, na ihany koa misoratra anarana mivantana amin'ny* http://candidature-prix-pierre-castel.com/ *na* https://forms.gle/MxtBBrwbsLaFsopf6". Misy telo karazana ny loka, toy ny mahazatra hatramin'izay, ka ho an'ny laharana voalohany, mahazo 15 000 euros, fanohanana ara-bola sy programa fanofanana mba ho fanomanana azy sy ny sehatra misy azy. Ny laharana faharoa kosa mandrombaka 10 000 euros miaraka amin'ny programa fanofanana, ary ny laharana fatelo hatramin'ny laharana fahenina mahazo ny fiofanana momba ny fandraharahana voamarina momba ny e-learning miaraka amin' ny foibe ara-barotra iraisampirenena any Geneve na ITC, miaraka amin'ny fandraisana anjara mivantana amin'ny fanohanana ara-bola ary programa fanofanana "Prix Jeunes Espoirs". Ny STAR dia mitovy hevitra amin'ny tanjon'ny vondrona CASTEL amin'ny fanohanana ny mpandraharaha eto an-toerana mba hampiharana vahaolana maharitra amin'ny faharetan'ny rafitra ara-tsakafo eto Afrika.




Fanou Raveloarison, miandraikitra ny serasera ivelany sy ny RSE eo anivon'ny Star.

**Nath**

Gilardy Totozandry

# Voafidy ho mpisolovava ny tanora eo anivon'ny Unicef



Ny solontenan'ny Unicef eto Afrika tapany atsinanana sy Atsimo, Gilardy Totozandry, ary ny solontena maharitry ny Unicef eto Madagasikara.

Tontosa omaly tetsy Ambodivona ny fanaovan-tsonia fiarahamiasa teo amin'i Gilardy Totozandry, 21 taona, amin'ny maha « Youth Advocate » na mpisolo vava ny tanora sy ny solontena maharitry ny Unicef eto Madagasikara. Miaro ny zon'ny ankizy sy ny tanora, indrindra ireo miaina anaty fahasamihafana sy ny ankizy varira indrindra indrindra izy manomboka eto. Voalazan'i Gilardy fa efa tamin'ny 2020 izy no nanomboka niaraka niasa tamin'ny Unicef ary fitohizan'ny ady atrehany nanomboka izy mbola kely izao. "*Teraka teto Antananarivo aho saingy lehibe tany Antsiranana. Betsaka ny fanilikilihana nahazo ahy taloha ary tsy tiako hiaina zavatra toy izany intsony ny ankizy namako. Tsy mora ny zavatra iainana isan'andro, indrindra ny fanilihana, na tany an-tsekoly izany na eny anivon'ny fiarahamonina. Ekena hoe manana olana ara-pahasembanana fa tsy tokony hatao sakana kosa ny lokon'ny hoditra, satria olona izy. Miaro an'izay maha olona ny olona izay aho no sady miezaka ihany koa amin'ny fampanajana ny zon'ny ankizy iray manontolo. Vonona aho hanao ny ezaka rehetra amin'izany »,* hoy i Gilardy Totozandry. Mbola mianatra fizahantany sy fitantanana hotely taona faharoa ao amin'ny IST i Gilardy amin'izao fotoana izao na dia nahatsiaro sahirana ihany aza izy tany an-tsekoly, indrindra tany amin'ny fanabeazana fototra, noho izy manana olana ara-pahitana. Nanazava i Gilardy fa tsy nisy loatra amin'izao ny fanilihana ny zaza varira any avaratra raha ny mifanohitra amin'izay no misy amin'ny toerana maro eto Madagasikara. Anisan'ny ezaka tsy maintsy ataony ny fampahafantarana ny mombamomba ireo zaza varira, ny zon'izy ireo. Misy rahateo ny fikambanana antsoina hoe 3A na fikambanan'ireo olona varira izay miady ny fampanajana ny zon'ireo sokajin'olona ireo. Tsy izay ihany fa misy ny tetikasa entiny hanampiana ireo olona varira izay sarotra mahita asa. Anisan'ny nofinofiny ny hampiroborobo ny tontolon'ny "cinema" eto amintsika.

> *Efa tamin'ny 2020 izy no nanomboka niaraka niasa tamin'ny Unicef.*

**Nath**

Jirama

# Ho tapaka ny famatsiana rano amin'ny faritra maro

Ny alakamisy 25 aprily manomboka amin'ny 8 ora alina hatramin'ny zoma amin'ny 5 ora maraina, hisy fahatapahana ny famatsiana rano amin'ny toerana maro eto Antananarivo. Anisan'izany ny eny Analamahitsy, Ambodivoanjo, Ivandry, Alarobia, Ankorondrano, Ankerana, Ankadindramamy, Anjanahary, Ambodivona, Ambohimailala, Ankadifotsy, Soamanandrariny sy ny maro hafa. Antony voalazan'ny Jirama mahatonga izany ny fanamboarana fantsona vaky eny Ambohimiandra. Miala tsiny ny amin'ny ho mety fiantraikan'izany ary mety mbola hisy ny fikorontanana amin'ny famatsiana rano amin'ny toerana vitsivitsy aorian'ny fanamboarana ary hiverina tsikelikely amin'ny laoniny ihany izany. Betsaka tokoa ny olona velontaraina amin'izao fotoana izao ary milaza fa na misy fanamboarana na tsy misy, efa mahazatra azy ireo ny tsy misy ranon'ny jirama tonga ao an-trano.

**Nath**


PASI PASI

Razanakolona René

# "Boxeur" kalaza koa ny zanany sy ny zafikeliny

*Mpanao ady totohondry sangany sy nanana ny toerany teto Madagasikara sy tany ivelany ny tenany. Nanara-dia azy koa ireo zanany mianadahy sy ny zafikeliny amin'izao fotoana izao. Ity fianakaviana, izay azo lazaina fa miondana haiady ity no hampahafantarina antsika eto amin'ny PASI PASI anio.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***RR :*** Razanakolona René.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve ? Inona ilay spaoro atao ?
***RR :*** 78 taona. Mbola manao spaoro aho manazatra ireo tanora ao amin'ny klioba nosokafako eo antañàna misy ahy.(Alakamisy Fenoarivo)
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RR :*** 15 taona aho no nanao spaoro voalohany, dia ny haiady Ady Totohondry.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***RR :*** 7 no zanako : Jacky, Claude, Crescente, Sonny, Vila, Haingo ary Toky. Tia mitaiza vatana daholo izy reo, saingy ny 2 no tena "passionné" tamin'ny Ady Totohondry dia i Claude sy Haingo.
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RR :*** Tsy nisy fanerena amin'ny fanaovana spaoro fa tena efa tao anatin'ny ràny ilay izy.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***RR :*** I Claude no efa voantso matetika nandrafitra ny ekipam-pirenena tao amin'ny taranja ady totohondry. Tafiditra anaty ràn' ny taranaka ity taranja ady totohondry ity ka narahan'ireo zafikely 3 dia i Thalia zanak'i Haingo, Harena zanak'i Crescent ary Henintsoa zanak'i Claude.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena izany ny fianakaviana ?
***RR :*** Mahafinaritra ary tena ankafiziko ny miara-manao spaoro amin'ny zanako, ary tena ezahiko foana ny mampiampita amin'izy ireo ny fahaizako ady totohondry.
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RR :*** Samy manana ny fialamboliny ny tsirairay, misy ny mandeha any amin' ny "salle de sport" fa misongadina ny fitiavan'izy ireo ny Ady Totohondry.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RR :*** Nanokatra Klioba ao an-tanàna, Alakamisy Fenoarivo, ny tenako, hahazoako mitaiza ny vatako sy mampita ny fahaizako ady totohondry, ho an'ny fianakaviana sy ireo tanora maro ihany koa, izay tonga ao amiko isaky ny alarobia tolakandro sy ny asabotsy maraina.



**Fianakaviana mankafy ny taranja haiady ady totohondry ny taranaky Razanakolona René.**

**Rabenaivo**

Tennis de table - Afrika Atsinanana

# Tompondaka teo amin'ny isan-tarika i Madagasikara



**Nandravarava ireto ekipam-pirenena ireto nandritra ny lalao isan-tarika.**

Nisongadina sahady i Madagasikara nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny faritra Atsinanana, taranja tennis de table. Norombahintsika ny medaly volamena isan-tarika sokajy lehilahy, izay nanombohana ny fifaninanana. Lavon'ny ekipam-pirenena malagasy, tamin' ny isa 3 no ho 0 ry zareo Ouganda mpampiantrano omaly nandritra ny lalao famaranana. Teo amin'ny lalao voalohany, Antoine nandavo an'i Jonathan, tamin'ny seta 3 no ho 0 (11/5-11/8-11/9). Tsy namelan'i Fabio koa raha tsy resiny tamin'ny seta 3 no ho 0(11/3-11/7-11/9). Niady be kosa ny lalao farany, nifanandrinan'i Stephen solontenantsika sy Samuel, saingy tsy namelan'ity Malagasy ity raha tsy azony, tamin'ny seta 3 no ho 2(11/8-11/13-12/10-5/11-11/9) izany. Ankoatra an'i Madagasikara, nahazo ny tapakila hiatrehana ny tompondaka kaontinantaly, dia hanampy azy ireo firenena 3 nanao ny manasadalana. Hanomboka anio kosa ny fifaninanana ho an'olon-tokana, ka mbola miandrandra ireto solontenantsika ireto hatrany ny mpankafy fanatanjahantena eto Madagasikara. Ho an'ny sokajy vehivavy kosa dia tsy nahomby ny solontenantsika, izay nioty faharesena hatrany. Raha hiverenana iny fifaninanana isan-tarika iny, dia tafavoaka voalohany tao amin'ny vondrona nisy azy i Madagasikara, rehefa nanilika an'i Rwanda, tamin' ny seta 3 no ho 0, nandritra ny andro voalohany. Tsy nataony nisotro rano koa ry zareo Soudan, teo amin'ny lalao faharoa, izay mbola resy seta 3 no ho 0. Famaranana kely kosa ny fihaonan'i Madagasikara sy Maorisy tamin'ny lalao farany, ka isika hatrany no nivoaka mpandresy, tamin' ny seta 3 no ho 0. Io vokatra io no nametraka antsika ho laharana voalohany tao amin'ny vondrona nisy antsika.

**Rabenaivo**

Tennis - "Tournoi J100 Tlemcen"

# Hiditra an-tsehatra anio i Andraina Mitia Voavy

Mitohy hatrany ny fifaninanana ho an'ireo Atletantsika, miatrika ny "circuit ITF", taranja Tennis. Ho an'i Andraina Mitia Voavy dia mandray anjara amin'ilay "Tournoi J100 Tlemcen" tanterahina atsy Alzeria ny tenany. Anio izy no hiditra an-tsehatra, izay tsy niatrika ny fihodinana voalohany fa tonga dia miandry eo amin' ny fihodinana faharoa. Izay nandresy tamin'ilay Maraokana, Yasmine Douyeb sy Alzeriana, Kawter Abidat no hihaona aminy. Anisan'ny sangany mandray anjara amin'ity fifaninanana ity ilay Alzeriana, Maria Dabache,



**Andrasana hatrany ny fahombiazan'i Mitia Voavy amin'ity fifaninanana ity.**

ao koa ilay Maraokana, Sofia Hadab sy ilay Sinoa, Minxu Zhou. Na izany aza, tsara toerana sy afaka mifaninana amin'ireo i Mitia Voavy, izay apetraka ho sangany koa. Manodidina izay hatrany dia any Abidjan Côte d'Ivoire ry Miotisoa, Mirija ary Mahery no miatrika fifaninanana "J60 Abidjan". Ho an'ny sokajy lehilahy, samy tafita amin'ny fihodinana faharoa i Mirija, izay nandavo an'ilay Ivoariana, Pitt Nicodeme Valentin Dery, tamin'ny seta 2 no ho 0(6/2-6/0), teo amin'ny fihodinana voalohany sy i Mahery, izay nanilika an'ilay Indiana, Harshith Srivatsav ReddyAnugonda, tamin'ny seta 2 no ho 1(6/1-2/6-6/1). Ilay Frantsay Aaron Gabey no hidona amin'i Mahery eo amin'ny fihodinana faharoa , ary i Timur Gilmanov kosa no ho mpifanandrina amin'i Mirija. Eo min'ny sokajy zazavavy indray, tsy niatrika ny fihodinana voalohany i Miotisoa Rasendra fa avy hatrany dia tfakatra amin'ny fihodinana faharoa. Ilay Maraokana, Chema Kammoun no hifanandrina aminy. Hotanteriny eto hatrany ny voka-dalao azon'izy ireo.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Manomboka mamiratra ireo solontenantsika miatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika amin'izao fotoana izao. Anisan'ny vaovao lehibe ny nahenoana omaly, fa norombahan'i Madagasikara ny anaram-boninahitra ho tompondakan'i Afrika aty amin'ny faritra Atsinanana, ho an'ny isan-tarika, teo amin'ny tennis de table.

### Henatra !

Mirehareha ery ireto atletantsika ireto any ivelany any manandratra ny voninahi-pirenena, kanefa raha mba fantatry ny mpifanandrina tokoa ny fahoriana, fitaintainan'izy ireo amin'ny handeha tsy handeha, dia ho gaga angamba izy ireny. Mety hametra-panontaniana angamba ireny vahiny ireny hoe : fa ahoana ireto no misedra olana toy izany kanefa atleta mahay sy mafy be ohatra an'izao. Ny tena henjana, betsaka ireo atleta no mianto-tena, mba hiarovana ny voninahi-pirenena. Mety ho azo ekena ihany, saingy raha ny tena lojika dia anjaran' ny Fitondram-panjakana no miantoka sy mandray antànana ny fandehanana sy fivahinianan'ny ekipam-pirenena. Ho an'ny tennis de table teo izao dia ireo nanana ny hoenti-manana no nandeha, indrindra ny teo amin'ny sokajy vehivavy. Ny tennis dia efa iaraha-mahalala fa saika mianton-tena ireny ankizy ireny, ka ireo Ray amandReniny matetika no tena miantoka. Ny taranja judo dia mbola ireny nambaran' ny federasiona ireny fa tapakila fotsiny no nomen' ny Minisitera kanefa dia mbola betsaka ireo filàna ara-bola, ka ny federasiona no nizaka izany. Tena mahamenatra ihany aloha ilay tranga, izay saika miverimberina isan-taona e ! Tena tsy misy hevitra tokoa ve hamahana ity olana handeha tsy handeha lava ity, satria dia tsy ho tonga amin'ny tanjon'ny fitondram-panjakana ny amin' ny hoe tsy fandraisan' anjara intsony amin'izao fa ny fandresena no zavadehibe. Ianao ary moa tsy mandefa atleta miatrika ny akamaroan'ireny lalao sakana na savaranonndo ireny ka hanantena handrombaka vokatra tsara any amin'ny fifaninanana kaontinantaly na mondialy mihitsy.

**Rabenaivo**

## TSARA HO FANTATRA

*Amin'ireo " Sections " marobe mandrafitra ny Ligin'i Vakinankaratra amin'ny baolina kitra, dia azo lazaina fa ny " Section Ambatolampy " irery ihany hatramin'izao no tsy mihodina, na ny marimarina kokoa dia tsy misy fifaninanana amin'ny fiadiana ny tompondakany. Araka izany dia very fanahy mbola velona toy ny valala voatango ny mpitantana klioba maro any amin'iny faritra iny, ka samy mikaroka fifaninanana hampandraisana anjara ny ekipany sy hampilalaovana ny mpilalaony. Eo anatrehan'izany indrindra dia misy ny dinika nifanaovana tamin'ny mpitantana fahiny sy mpitarika fikambanana tany an-toerana, maneho ny fomba fijeriny ny zava-misy momba ny baolina kitra any Ambatolampy, izay tokony ho lasa lavitra tokoa raha ny hamaroan'ny ekipa ( lahy - vavy ) sy ny mpilalao any aminy.*

Razafimandimby Edmond

# Nitondra hery vao sy nampiroborobo ny Section Ambatolampy

Ny mpankafy baolina kitra tany Ambatolampy dia mahatsiaro, ary samy resy lahatra fa tamin'ny fotoan'andro nitantanan'Atoa Razafimandimby Edmond "Raedy" ny "Section" no tena nampivoatra sy nampiroborobo ary nampahalaza mihitsy ny ekipa tany an-toerana. Amin'izao fotoana izao dia mihitsoka, mba tsy ilazana hoe maty ny baolina kitran' Ambatolampy, satria tsy misy mpitarika ka ny biby tsy manan-doha tsy mandeha. Manoloana an'izany indrindra dia nisy ny resaka mivantana, nifanaovana tamin'Atoa Razafimandimby Edmond, Filoha nitantana ny Section Ambatolampy, nanomboka tamin'ny taona 2010 ka hatramin'ny 2017. Mialoha an'izany indrindra anefa dia nisahana ny asan' ny Sekretera Jeneralin'ny Section ny tenany, nanomboka tamin'ny taona 2007 ka hatramin'ny 2010. Raha natambatra izany ny asa niandraiketany tamin'ireo toerana nisy azy ireo, dia nahavita fe-potoam-piasana indroa misesy ny lehilahy (2 mandats). Momba ny olana mikiky ao amin'ny Section Ambatolampy, dia tsy nisalasala mihitsy izy naneho ny


Mahatsiarotsiaro ny zava-bitany ny mpitia kitran'Ambatolampy. (Sary: a.r)

heviny fa resaka pôlitika no tsy mampihitsoka ka tsy mampandeha ny fitantanana baolina kitra any amin' ny faritra misy azy amin'izao fotoana izao. Izany olana izany no nitranga dia tamin' ny fotoana nanaovana ny fifidianana, izay tsy noeken' ny Ben'ny Tananan'Ambatolampy ny fizotrany. Nihitatra hatrany amin'ny Ligin'i Vakinankaratra ny olana ka tsy nanana solontena natao tamin'ny fifidianana hatrany ihany koa ny Section Ambatolampy, izay manana klioba maro mandrafitra azy. Tsiahivina fa tamin'ny ekipa 10 niatrika ny fifidianana Section Ambatolampy, dia 03 ihany no nahazo alalana nifidy. Vokatr'izany dia tsy raikitra ny fifidianana mandraka ny ankehitriny.

**Zava-bitan-dRaedy**

Azo lazaina fa namela mamy betsaka tamin'ny fitantanana ny Section Ambatolampy i Raedy, izay tsy iza fa ray niteraka an'i Faneva, "arrière poste" mpanentana tao amin'ny ekipan'ny MB2ALL Analamanga tamin'ny taranja basket-ball (N1AD), ary efa nifindra lasy any amin'ny ekipan'ny TGBC (N1AD) Maevatanana / Betsiboka amin'izao fotoana izao. Tamin'ny nitantanany ny Section dia klioba valo no nandray anjara tamin'ny fifaninanana nampanaovina tamin'ny sokajy divizionina faharoa. Ekipa anankiroa kosa no nifaninanana tamin' ny sokajy divizionina voalohany, dia ny AC Ilampy sy ny FC Itokiana. Mahatratra efatra kosa ny isan'ny ekipa vehivavy tany aminy, nahitana ny FCJA – FC2A – Jagoara – ASCA. Tsy ambaka tamin'izany koa ny fifaninanana nampanaovina ny ekipa zandriny lehilahy, nandray anjara tamin'ny sokajy latsaky ny 13 – 15 – 17. Nanterin-dRaedy fa mialoha ny nialany tamin'ny fitantanana ny Section Ambatolampy, dia fitaovana maro no napetrany tamin'ny mpandimby azy, raha tsy hitanisa afa-tsy ny baolina kitra miisa 20 sy ny "caches maillots" 72.

Roland sy Tina mivady

# Nametraka ny AJESAIA tany an-toerana

Anarana mpivady, tsy afamisaraka amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra any Ambatolampy ihany koa ny mpanazatra Roland Ranaivoson sy Tina Hajaniaina Rakotomamonjy, izay milona ary mbola am-perinasa amin'ny fanolokoloana sy fanabeazana ny mpilalaon'ny sekolin'ny baolina kitra AJESAIA any Ambatolampy. Noforoniny tamin' ny taona 2013 ny sekoliny ka ahitana ny sokajy latsaky ny 11 – 13 – 15 – 20 taona ankehitriny. Efa betsaka ny mpilalao nandalo tao aminy fa amin'izao fotoana izao dia mahatratra 60 ny isany. Mpilalao samy mitana ny toeran'ny lohalaharana mpanafika, novokariny tao anatin'ity sekolin'ny AJESAIA ity, ny zanany mirahalahy dia i Poupou Ranaivoson sy Ndranto Arilala


Tsy miroa fo amin'ny fanabeazana ny mpilalaony. (Sary: a.r)

Ranaivoson na i Bila, izay mpilalaon'ny Elgeco Plus teo aloha ary efa nifindra ao amin'ny ekipan'ny Connecta eto Analamanga (L1) ihany ankehitriny. Me Roland sy Tina dia samy mpilalao kitra avokoa, mialoha ny nampivady azy ireo. Tamin'ny taona 1987 tany ho any dia nampahalaza ny ekipan'ny Dynamo de Cotram sy ny DAM Ambatolampy tamin' ny toeran'ny mpanafika i Roland, ary Tina kosa indray dia irakiraka no nisy azy tamin'ny fifaninanana baolim-pokontany. Araka izany dia nilona tanteraka tamin'ny fitiavam-baolina izy mivady ireo. Koa tsy atao mahagaga raha nanaradavahana azy ihany koa ny zanany mirahalahy. Noho ny tsy fisian'ny mpitantana ny Section Ambatolampy dia tsy afaka manavao ny "Certificat de Conformité"-n'ny sekolin'ny AJESAIA i Tina sy ny vadiny, toy ny mahazo ny mpitantana klioba rehetra any an-toerana. Soritana fa ny fifaninanana amin'ny baolina kitra, karakarain'ny Kaominina sisa, no mizotra any amin'ny kianja manarapenitra Ambatolampy fa ny ankoatra an'izany dia any ivelany.

**aris rafaly**

*Basket - "Mutations de joueurs"

# Tsara ho fantatra momba ny fifindran'ny mpilalao

Anisan'ny manahiran-tsaina sy itrangan'ny olana matetika eo amin'ny mpitantana klioba ny fifindra-monin'ny mpilalao, indrindra fa eo amin'ireo sokajy zandriny. Mba hisorohana ny tsy fahafantarana intsony ny " Mutations des joueur ", dia indro aroso etoana ny dingana tokony hatao amin'izany : - Ny mpilalao l3 taona no midina dia tsy misy vola haloa raha te hifidnra klioba, na io "Droit de Mutation de joueur" na io "Droit de Formation" – Manomboka main'ny mpilalao 14 taona kosa ny fandoavana " Droit de Mutation" ho an'ny mpilalao iray - Manomboka amin'ny faha-16 taonany kosa ny mpilalao vao handoavana "Droit de Formation - Mitsahatra kosa ny fandoavana " Droit de Formation " rehefa feno 21 taona ny mpilalao iray - Ny mpilalao latsaky ny 21 taona dia hanaovana " mutation " – Rehefa ampiakarina sokajy N1A na N1B kosa ny mpilalao dia andoavana " Droit de Formation", ka ny " Droit de Mutation"-n'ny sokajy "N1A" na ny "N1B" no aloa amin'izany. Soritana fa ny " Droit de mutation" amin'ilay sokajy ambony hilalaovana no raisina - Mitsinjara ho toy izao avy kosa ny fizarana ny " Droit de Mutation " nialan'ilay mpilalao : 50 % ho an'ny klioba nialana, 20 % ho an'ny section nialana, 20 % ho an'ny ligy nialana, 10 % ho an'ny Federasionina Malagasy ny Basket Ball (FMBB) . Ny " Droit de Formation " kosa dia mijanona 100 % ho an'ny klioba nialana. Ny mpilalao iray tsy nilalao, izay tsy nanaovana fanavaozana kara-pilalaovana (renouvellement de licence) nandritra ny 3 taona dia sokajiana ho mpilalao malalaka (libre) ka tsy andoavana " droit de mutation " sy " droit de formation " intsony. Raisina ohatra amin'izany ny mpilalao manana « licence 2020 », dia afaka milalao malalaka amin'ny taona 2024.

**aris rafaly**



Miteraka olana matetika ny fifindran'ny mpilalao. (Sary: a.r)

## Any Ivelany

Classico

# Real de Madrid # FC Barca



Miteraka resabe any anivon'ny mpitantana baolina kitra espaniola ilay baolina tafiditr'i Lamine Yamal, mpilalao kalazan'ny FC Barcelona, kanefa tsy notsofin'ny mpitsara lalao ny kiririokany. Tsy vitan'ny nolavina fotsiny fa tsy nasiana famerenana ny fijerena ny fidiran'ny baolina NA TSIA tamin'ny " Video Assistant Referee ". Araka izany dia navoakan'ny federasionina espaniola ny resaka nifanaovan'ny mpitsara lalao, teo am-pijerena ny VAR, izay nifamahofaho be ihany ny fanapahan-kevitra tokony ho noraisina na tsia. Manoloana ny trangan-javatra tahaka ireny eny ambony kianja. Rehefa amin'ny fotoana inona no ampiasaina ny VAR ?

## Sarisary zary tenany

Bebe



## Hatsikana an-tsary

Daika




## Masoandro Miposaka

**Isaia 60 : 18**

**18 Ny fampahoriana tsy ho re eo amin'ny taninao intsony, na ny fandravana sy ny fandringanana ao anatin'ny faritaninao; ny mandanao dia hataonao hoe Famonjena, ary ny vavahadinao hataonao hoe Fiderana.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aleo maty reni-omby toy izay resy tohika.**

Il vaut mieux perdre une vache que de céder quand on s'est entêté.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3227**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | | | | 2 | 9 | 7 | |
| | 6 | | | | 3 | 1 | 8 | |
| 8 | | 5 | | 4 | | 2 | 6 | 3 |
| | | | | | | 5 | 3 | 6 |
| 9 | | | 1 | | | | | |
| 6 | | 2 | | 3 | | | | |
| | | 6 | | 7 | | | | |
| | | | | | | 7 | 9 | 2 |
| 7 | | | 5 | | | | | |

Valin'ny laharana **3226**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | 8 | 9 | 2 | 1 | 6 | 5 | 3 |
| 9 | 5 | 3 | 6 | 8 | 7 | 1 | 2 | 4 |
| 1 | 6 | 2 | 3 | 4 | 5 | 8 | 7 | 9 |
| 5 | 3 | 7 | 4 | 9 | 8 | 2 | 6 | 1 |
| 2 | 1 | 4 | 7 | 5 | 6 | 3 | 9 | 8 |
| 8 | 9 | 6 | 2 | 1 | 3 | 7 | 4 | 5 |
| 3 | 4 | 5 | 1 | 7 | 2 | 9 | 8 | 6 |
| 7 | 8 | 1 | 5 | 6 | 9 | 4 | 3 | 2 |
| 6 | 2 | 9 | 8 | 3 | 4 | 5 | 1 | 7 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Fihaikana lehibe ho an'ny hafa zatra mijery sy mahita ny lafy tsara hatrany ny olana miseho. Tsy ataony sakandalana izany fa ajorony ho fanoitra hiakarany indray. »
Ny Vetso (06.11.16)
(«Une personne positive convertit ses problèmes en défis, jamais en obstacles. »)

# Ombay mitady i Velomanampy !



*"Ny alahady 21 Aprily 2024 dia nandeha niara-nivavaka tamin'olona miara-monina aminay eto an-tanana teny Andranomena izy. Niditra tamin'ny 11 ora antoandro ny fiangonana ary nirava tamin'ny 4 ora hariva. Rehefa nirava ny fiangonana, nalefan'ilay olona niarahany tamin'ny bus 194 mampitohy an'Andranomena – Analamahitsy-Mausolée izy kanefa tsy tonga ao an-trano hatramin'izao".*
Izany ny fitantaran-jokiny ny nahitana farany ny zandriny. Efa nanao filazana tany amin'ny mpitandro filaminana izy ary manohy ny fikarohana an-jandriny.
Toy izao ny mombamomba io zandriny io : Rakotosandratana Velomanampy no anarany, 17 taona ny lehilahy, mainty fihodirana, oly ny volony, somary kelikely, ny halavany 1,60 m, nanao tee-shirt manga sy lobaka gris, pataloha jean manga, nanao kiraro fotsy, manjonitra lava tsy dia be resaka izy, tsy salama saina tsara. Tokony niala teny Alarobia Amboniloha izay misy ny fonenany izy tamin'io alahady tamin'ny bus nitondra azy.
Iangaviana izay mahita azy mba hilaza amin'ny zokiny Randriamantena Joslin mipetraka ao amin'ny Lot II I 68 GY Alarobia Amboniloha na hiantso ny laharana 034 32 452 88 ; 033 51 215 25 na hampandre ny manampahefana akaiky azy indrindra !

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 650 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Patsabe sy ravim-bomanga saosy

**Zavatra ilaina :** ravim-bomanga, patsabe, voatabia, tongolobe, tongolomaitso, tongologasy, sira, menaka.
**Fikarakarana azy :** atao saosy amin'ny voatabia sy tongolo ny patsabe. Rehefa izany dia karakaraina ny ravim-bomanga. Tsara kokoa raha ilay ravim-bomanga lavalava misy tahony ireny. Azo esorina ny tahony na avela amin'izao, araka izay hitiavana azy. Rehefa vita saosy ny patsabe dia arotsaka amin'izay ny ravim-bomanga efa voasasa madio. Haroharoina kely dia saronana. Tsy atao masaka be, fa rehefa miketrika kely dia esorina. Azo aroso avy hatrany rehefa masaka.
Mazotoa homana !

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**20 avril au 26 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR
06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Romantique
10.15 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série
12.30 : A votre santé
14.00 : Dessins animés
16.00 : Journal International
17.00 : Full sport
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovao'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Aventure
05.00 : Série ®
05.15 : Rhefi

K
06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : Ny Vaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

RECORD TV
05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DESSINS ANIMES
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

VIVA
01.56 : Film
03.36 : Film
05.18 : Clips : Misy Raha ®
05.25 : Journal : Viva Évènement VM ®
06.05 : Culte : Tsara taiza
06.10 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av
Po : Série ARROW
08.16 : Série : Série Les Agents du Shield
08.58 : Serie : Série Star Wars : The Clone Wars
09.21 : Serie : Série Parks and Recreation
09.51 : Film
12.22 : Série k-drama : Série My demon ®
13.32 : Journal : Flash Actus
13.42 : Clips : Misy Raha
14.12 : Music& News : HIT LOUNGE ®
15.04 : Viva Prod : iLoko
15.17 : Film animation : Encanto
17.18 : Série k-drama : Série My demon
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.43 : Viva Prod : Cake Bike
18.56 : Serie Animation : Kung Fu Panda : The Dragon Knight ®
19.18 : Loterie : BET 261
19.28 : Hafatry ny PDS ®
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : Viva co Prod : Minute Fihariana
20.53 : Série dramatique
21.38 : Film
23.30 : Journal : Viva Évènement VM ®
00.10 : Magazine jeux vidéo : Game in ®

blueline TV
**08h45 – Série policière : « Les spécialistes : investigation scientifique »**
RTL9 - canal 49 (option divertissement)

**11h19 – Sport : "Keep on Powdering"**
TREK – canal 60 (option monde)

**14h46 – Magazine littéraire : « La p'tite librairie »**
France 2 – canal 12 (bouquet découverte)

**16h30 – Dessin animés : « Scooby-Doo et compagnie »**
Boomerang – canal 35 (bouquet découverte)

**18h00 – Musique : « Top Mix »**
MCM TOP – canal 51 (option famille)

**19h29 – Film : « Le Chevalier des ombres : entre Yin et Yang »**
CTV ACTION – canal 85(option ciné)
**De :**Jia Yan. **Avec :** Jackie Chan, Elane Zhong, Ethan Juan.
La barrière protégeant les humains du royaume des démons est tombée et des hordes de démons débarquent dans le monde des humains ! Le chasseur de démons Songling, aidé par un groupe hétéroclite de gentils démons et l'inspecteur Fei, est chargé de les capturer.

**21h45 - Basketball, Euroleague : « FC Barcelona v OlympiakosPiraeus » EN DIRECT**
New world sport 3 – canal 68 (option sport)

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC
ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## Tafa....sika

Dr Celestine Razafindramora

# "Nampiarahako tamin'ny fianarako dihy sy mozika, teatra, ny fianarako ho dokotera teto Madagasikara sy tany ivelany"

*Dokotera Celestine Razafindramora, filohan'ny vovonan'ny mpanao vakodrazana malagasy "Talenta toy ny talenta sy zavatra tiana sy mahaliana rehetra io. Koa nohalaliniko sy nohatsaraiko ary ampanarahako ny teknolojia sy ny toetrandro sy toe-pisainana", hoy izy. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*








**Gazetiko** : Ianao no prezidan'ny Vovonan'ny mpanao vakodrazana malagasy. Hafiriana izao no nitantananao io fikambanana io ? Misy firy ny mpikambana anatin'io vovonana io ? Mifankahalala daholo izany ianareo mpanao vakodrazana ?

**Dr Celestine** : « *Izaho no Filoham-boninahitra sady Filoha mpanorina ny Vovonan'ny Mpanao Vakodrazana malagasy, izay nijoro ny febroary 2018. Mijoro ara-dalàna araka ny lalàna 60-133 tamin'ny 3 octobre 1960 ny Vovonan'ny Mpanao Vakodrazana malagasy ary manana récépissé. Ny foibe dia ao Ambatoroka Antananarivo. Tarika 15 no mpikambana amin'izao ary misy Sampana amin'ny faritra Analamanga, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony, Itasy. Andalana ny fananganana ny any Alaotra. Ny tanjona : 1. hamelomaso sy hanandratra avo ny kolontsaina sy ny zavakanto malagasy : dihy, hira, mozika, fitafy sy taovolo isam-paritra ary ny soatoavina. 2. Hiaro ny vakodrazana sy ny soatoavina. 3. Hampita ny fanilo ho an'ny taranaka mifandimby 4. Handray feno amin'ny fampandrosoana maharitra. Mifankalala ny tarika mpikambana eto Analamanga, fa hisy ny fifankafantarana sy fifanakalozana ary ny fifampizarana traikefa amin'ny Tarika mpikambana avy any amin'ny faritra. Efa nisy izany mandritra ny fifampiarahabana tratran'ny taona vaovao. Tsy dihy vakodrazana ihany no ataon'ny Vovonana fa manao asa sosialy hafa: fanofanana ny mpikambana mikasika famoronana sy fitantanana tetikasa, teknikam-pifandraisana sy serasera, fampianarana teny frantsay ho an'ny ankizy mandritra ny fialan-tsasatry ny mpianatra, fanofanana tanora ho « animateur socio- culturel et artistique », fanentanana arapahasalamana sy fiarovana ny tontolo ianaina, famelabelaran-kevitra isan-karazany mikasika ny zavakanto sy kolontsaina, zon'ny ankizy sy ny tanora, francophonie, tanora miatrika ny tontolon'ny asa. Tany Ambositra, Fianarantsoa, Miarinarivo, Antananarivo no nanaovana an'ireo* ».

***Gazetiko*** : Mpanao vakodrazana ve izany dokotera sa mpankafy fotsiny ihany ? Raha tena mpanao vakodrazana ianao. Tarika iza no nilalaovanao ? Mbola milalao ve ianao izao ? Ahoana ny hanazavanao izany hoe dokotera manao vakodrazana izany ? Afaka tantarainao ve ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao ho toa izao ?

**Dr Celestine** : « *Tena mpanao vakodrazana feno aho ary efa 62 taona aho no teo amin'ny tontolon'ny zavakanto (dihy vakodrazana, tantara an-tsehatra, mozika). Nanomboka ny taona 1962 tany Miarinarivo Itasy no nampianarin'ny andrarezin'ny kanto: Rasamy gitara, Ravolanafenomanana, Randrianasolo Raymond. Ny taona 1970 aho no niditra tao amin'ny IMADFOLK (Institut Malgache d'Art Dramatique et de Folklore) notarihin'i Odeam Rakoto ary dia mpiantsehatra nandritra ny taona maro be tao amin'ny Tarika Odeam Rakoto : mpandihy, mpanao teatra. Mbola mpandihy sy mpanao soradihy ary mpanjaitra ny fitafiana entina miantsehatra sy mpilatro aho hatramin'izao. Mampianatra ireo tanora sy ankizy ao anatin'ny Vovonana koa aho hatramin'izao 2024 izao. Nampiarahako tamin'ny fianarako dihy sy mozika, teatra, ny fianarako ho dokotera teto Madagasikara sy tany ivelany. Na dia tafaverina teto Madagasikara aza aho ka nanao ny asako amin'ny maha-dokotera ahy, dia notohizako hatrany ny vakodrazana. Efa zokiolona misotro ronono aho izao fa mbola manohy sy mampita ny vakodrazana hatrany. Ny fanazavako ny hoe: dokotera manao vakodrazana dia talenta toy ny talenta sy zavatra tiana sy mahaliana (passion et talent) rehetra io, koa dia nohalaliniko sy nohatsaraiko ary ampanarahako ny teknolojia sy ny toetrandro sy toe-pisainana. Izaho koa moa mpanjaitra, mpamorona lamaody ary mpilatro koa dia ampiarahako amin'ny soradihy sy ny dihy ataoko sy ampianariko daholo izany. Mampiseho dihy sy fitafy malagasy hatrany aho rehefa manatrika sy mandray anjara amin'ny fihaonana iraisam-pirenena eto an-toerana sy any ivelany*".

***Gazetiko*** : Ahoana ny fitsaran'ny fiaraha-monina izany hoe dokotera manao vakodrazana sady filohan'ny vovonan'ny mpanao vakodrazana malagasy izany ? Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny vakodrazana eto amintsika ? (ny toerana ametrahan'ny fiaraha-monina azy ; ny mpikarakara lanonana). Ny fahitanao ny fivoatran'ny vakodrazana ? Ny fandraisan'ny tanora malagasy ny vakodrazana ?

**Dr Celestine** : "*Mahavariana ny fiaraha-monina ny fahitana dokotera mandihy vakodrazana malagasy, fa dia maro ny mankafy amin'ny maha-zavakanto sy kolontsaina azy. Ny fahitako ny tontolon'ny vakodrazana eto amintsika : mahavelombolo sy mahavelom-panantenana satria efa miha-mirona amin'izany ny Malagasy amin'izao : fitafy malagasy rehefa mianjaika, dihy sy hetsika vakodrazana amin'ny mariazy sy lanonana. Ny tanora manjary tia mandihy vakodrazana. Na izany aza, mbola betsaka ny ezaka tokony hatao indrindra eo amin'ny fampahafantarana amin'ny haino aman-jery sy ny fanomezana sehatra ny vakodrazana. Ny hoenti-manana sy ny tohana ara-bola sy ara-pitaovana ho an'ny mpanao vakodrazana tena mila ezaka be mihitsy. Fampidirana ny taranja vakodrazana : dihy sy hira, mozika, fitafy, taovolo any an-tsekoly. Fanampiana ny tanora amin'ny fikarohana mikasika ny vakodrazana malagasy* ».

***Gazetiko*** :Mahavelona ve ny manao vakodrazana ? Inona no mampiavaka ny vakodrazana amin'ny vakoka hafa (hira, tononkira, gadona, mozika, dihy) ? Mahalasa lavitra ve ny vakodrazana ? (mahaliana ny any ivelany ve ?) ; Mety hahafahana mahita ny any andafy ve ny vakodrazana ? Ho anao manokana, nahitanao firenen-kafa ve ny fanaovana vakodrazana ? Mitovy daholo ve ny kanto voizin'ny mpanao vakodrazana sy ny fomba fitafiny ?

**Dr Celestine** : « *Atao vadinasa ny fanaovana vakodrazana vao tena mahavelona. Ny mampiavaka ny dihy vakodrazana amin'ny vakoka hafa: Dihy isam-paritra, mozika, fitafy, taovolo, fihetsika maro karazana, lahy, vavy, ankizy, olon-dehibe, gadona marolafy, fampitan-kafatra, fahafinaretan'ny maso, fanehoana hakigam-batana. Azo ampanarahana toetrandro fa mitazona ny mahavakodrazana azy. Mahalasa lavitra ny vakodrazana raha ny niainako sy ny traikefako manokana. Mahaliana ny any ivelany tokoa satria fampahafantarana an'i Madagasikara sy ny haren-tsaina sy talenta misy. Ahafahana mahita sy mahafantatra firenena maro ny vakodrazana. Izaho manokana dia efa nahita sy nitondra ny vakodrazana tany amin'ny firenena maro: France, Suisse, La Réunion, Maurice, Kénya, Congo Brazzaville. Ny fitafy, ny taovolo, dihy sy ny mozika isam-paritra eto Madagasikara dia mitovitovy ny fanehoan'ny mpanao vakodrazana azy* ».


***Gazetiko*** : Mitondra inona ho an'ny fiaraha-monina ny hiragasy ? Inona no olan'ny mpanao vakodrazana eto amintsika ? Inona no torohevitra omenao ireo mpanjifa mozika mba hahatonga azy ireo ho liana amin'ny vakodrazana, mba hijery fampisehoana vakodrazana ?

**Dr Céléstine** : « *Ny hiragasy dia mitondra fahafinaretan'ny maso, fialam-boly ary anatra mora miampita ho an'ny fiaraha-monina ary indrindra fahafantarana ny soatoavina maha-malagasy. Ny olan'ny mpanao vakodrazana : tsy ampy ny fahatokisan-tena ho an'ny sasany, raha mitaha amin'ny mpanao hira madinika. Tsy dia ampy fahaizana sy fahalalana. Tsy ampy ny hoenti-manana, tsy manam-bola, tsy mba mahazo fanampiana. Ny vola azo avy amin'ny contrat ambany be raha ampitahana amin'ny mpihira malaza.. Ambanian'ny olona sasany. Torohevitra : fampahafantarana ny hira sy dihy vakodrazana amin'ny haino amanjery, fanomezana sehatra bebe kokoa ny mpanao vakodrazana, ohatra amin'ireny hetsika lehibe isan-karazany ireny, any amin'ny masoivoho (ambassades ireny), "projets et programmes de développement", fandefasana mpanao vakodrazana any ivelany, fanomezana fanampiana (subvention) amin'izay hetsika hataony. Fanomezana maribonibahitra mandritra azy mbola velona, fa tsy rehefa maty (à titre posthume)* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

# TENY REHETRA TENY

Sary : Kelly R.





Maro ireo tanora no misafidy ny asa tena manolona ny fahasarotan'ny fitadiavana asa ankehitriny. Santionany amin'ireo asa madinika be mpanao ankehitriny.






Fanadiovana tatatra nataon'ny mpiasan'ny kaominina teny Besarety. Toerana anisan'ny mora tondraka rahateo Besarety rehefa avy ny orana.



Fijaliana no iainan'ny vahoaka eny Amboditsiry amin'ny filaharana rano.



Elobe maro lokon'Analakely tazana avy eny amin'ny totoha-baton'Ambondrona.




Ireo lohatenin-gazety nivoaka omaly. Anisan'ny be mpamaky sady mahaliana ny olona ny Gazetiko.